# *Ny Fanafihana An'i Etazonia*

. . .ny sitrapon'ny Tompo mba hitrangan'ireo zavatra sasany amin'ireo fotoana. Nandeha tany Denver izahay, vao tsy ela mihitsy, ary niverina. Mino aho fa te-hanao tatitra aho, an'ilay fivoriana: Izany no iray amin'ireo fivoriana tsara indrindra izay hany nananako tao amin'ireo taona. Nanana fotoana iray nahafinaritra izahay. Teo ho eo amin'ny roa arivo mihoatra kely teo no nanolotra ny fony ho an'i Kristy, ankoatr'ireo izay nandray ny batisan'ny Fanahy Masina, ankoatr'ireo famantarana sy fahagagana izay nataon'i Tompo Jesosy malalantsika teo afovoan'ireo olona tany Denver. Nanana fandrarahana iray nahafinaritra izahay, ary fahatongavana lehibe miaraka an'ireo olona. Nanomboka tamin'ny dimy arivo izahay, teo am-panombohana. Ary nanana an'ilay Mammoth Gardens izahay. Ary tamin'ny hariva fahatelo, dia tsy nisy efitra akory aza hitsanganan'ny olona tao amin'ilay toerana. Nanana fotoana iray mahafinaritra tahaka an'izany, ireo hariva dimy.

2 Niala tany izahay, handeha hankany Canada, izaho sy ny zanakolahy. Ary niakatra teny amin'ireo tendrombohitra izahay, ka tonga ny tafiotran'oram-panala iray. Ataoko fa efa nandre ny amin'izany ianareo, teo amin'ny radio-nareo. Ary olona teo amin'ny valo amby valopolo amby zato no levona tao anatin'izany. Ary tafahitsoka tao anatin'ny rivotr'oram-panala izahay nandritry—nandritry—nandritry ny andro maromaro, teny ambonin'ireo tendrombohitra. Ary lasa ny fivorianay, ary izahay dia, niverina nody ankehitriny, alohan'ny hiainganay indray. Noho izany dia mino isika fa ho an'ny sitrapon'Andriamanitra angamba izany rehetra izany, hoe hisy fi—fivoriana iray tsaratsara kokoa, sy zavatra hafa. Nanana zavatra iray voalahatra ho antsika izay tsy fantatsika Izy.

3 Mandeha ao amin'ny karazana tontolo maizina iray isika, fa tsy ao amin'ny maizina. Manaraka fotsiny isika, arak'izay andehanan'ilay Hazavana, amin'izay fotoana izay dia manaraka an'ilay Hazavana isika.

4 Ary ny Raintsika any An-danitra angamba dia nanana zavatra izay tsy misy na inona na inona fantatsika. Mety nisy loza iray nipetraka tany. Na, indray koa, mety miasa mba hitondrana olona iray Izy. Hitanareo, afaka miasa fotsiny eo amin'ny olona anankiray tahaka an'izany Andriamanitra; manova firenena iray manontolo Izy ho an'io olona anankiray io fotsiny, mba hampiditra azy ireo. Ary noho izany dia fantatsika fa izany rehetra izany dia ho an'ny voninahitra tsaran'Andriamanitra. Ary misaotra Azy izahay ny amin'izany, sy ny niarovana anay. Ary nisy maro, izahay . . .

5 Izaho sy Billy dia nanampy nitondra azy ireo, nanerana ny làlana sy ny sisa tahaka an'izany, an'ireo olona izay tratry ny loza sy ny sisa. Fa tonga tsy nanana olana mihitsy izahay. Niala tamin'ny làlana izahay indray mandeha, saingy nandritry ny fotoana vitsy fotsiny izany. Ary nisy lehilahy anankiray tany, teo amin'ny toeram-piompiana iray tonga ary nisintona anay nivoaka tamin'ny trakitera. Nikorisa fotsiny; tena nalama ilay izy.

6 Ary izany no iray tamin'ireo zavatra izay efa tsy nananan'izy ireo nandritry . . . tsy afaka, ireo an'ny andro fahiny dia tsy afaka mahatsiaro ho efa mba nanana tafio-drivotra iray tahaka an'izany, tao amin'io faritra io, tamin'io fotoan'ny taona io, Roundup, Montana. Ary izahay dia . . . Fantatsika fa ny zavatra tena mahagaga tahaka an'izany, dia nanana ny Tànany tao amin'izany ny Tompontsika tany ho any. Ho an'ny tanjona iray izany, ho—ho an'ny soa antsika. Ho an'ny soa antsika, izany ilay izy.

7 Ary noho izany dia niantso an-dRahalahy Neville aho, rehefa tafaverina, ka hoy aho hoe, "Ho any an-trano aho amin'ny Alahady. Ary—ary raha tianao aho, ho tonga ka hanana sekoly Alahady angamba, nahoana, mety tsara." Dia hoy aho hoe, "Noho izany aho dia . . . ary ho tena faly aho hanao an'izany."

8 Hoy izy hoe, "Nahoana, azo antoka, Rahalahy Bill." Hoy izy, "Tena faly foana izahay ny ahatongavanao," miaraka amin'ny fo goavana be iray misokatra sy fandraisana, tahaka an'izany. Ary avy eo dia nametraka an'izany teo amin'ny fandaharan'ny radio-ny, omaly. Noho izany dia mankasitraka ny amin'ireo zavatra rehetra ireo isika.

9 Ary izao maraina izao, ankehitriny, satria Fetin'ny Reny. Ny ankamaroan'ny olona, handre toriteny mikasika ny Fetin'ny Reny ianareo hatraiza hatraiza, sy ireo olona miresaka ny amin'ny reny, izay heveriko fa mahafinaritra. Avelako ho an'ny sisa amin'ny fivoriana izany.

10 Izao maraina izao dia efa nilaza aho, hoe, ny—ny lohahevitra hoe *Ny Fanafihana An'I Etazonia,* no tiako noresahina. Fa, efa nandre tamin'ny fampielezam-peon'ny radio-nareo angamba ianareo, ary handre betsaka ny amin'izy ireo ianareo androany. Ary hisy ny toriteny iray ny amin'ny Fetin'ny Reny, angamba, rahariva ao amin'ireo fivoriana. Ary noho izany dia nieritreritra aho, izao maraina izao, fa hilaza aho hoe, "ny—ny fanafihana."

11 Niresaka teo amin'izany aho tany Denver, eto, tsy avy tamin'ilay fanatonana marina tokoa izay kasaiko anomezana azy izao maraina izao, raha sitrapon'Andriamanitra. Ary, izany, nanana fotoana iray nahafinaritra aho niaraka tamin'izany. Nitahy tamin'ny fomba mahafinaritra iray mihitsy ny Tompo. Izany indraindray dia manome kely antsika ny . . .

12 Tsy maintsy voahozongozona kely fotsiny ianareo, mba hahafantatra hoe inona daholo ny mikasika an'izany, sa tsy izany, indraindray? Ary mivavaka isika mba hanaovan'Andriamanitra an'izany.

13 Ary, eo amin'izay ihany, tany, rehefa nahavita izahay . . . Ny Business Men an'i Denver no hany nanohana an'ilay fivoriana, ary izany dia fanohanana kely iray hafa noho izay hany nananako tany aloha.

14 Ary mazàna, ireo mpitoriteny, rehefa manohana ny fivoriana izy ireo, dia hilaza ianareo . . . "Efa nolazainareo ve ilay izy?" "Eny, tamin'ny fiangonana." Dia izay fotsiny ny amin'ilay izy. Ireo mpiandry izany; tian'izy ireo hahafantatra mikasika an'izany ireo ondriny. Teny mahafinaritra iray fotsiny izany. Asan'izy ireo izany.

15 Fa ilay Business Men dia hafa kely. Tian'izy ireo hahafantatra mikasika an'izany izao tontolo izao, noho izany dia nandany teo amin'ny telo na efatra arivo dolara mihitsy izy ireo ho an'ny dokam-barotra teo amin'ireo fiara mpitatitra rehetra, ireo taxi, ireo arom-pifandonan'ireo fiara, ary hatraiza hatraiza. Nanana fotoana iray nahafinaritra izahay.

16 Taorian'ny nifaranan'ny fotoana, dia niantso ahy nankeny amin'ny ilany iray izy ireo, nanao hoe, "Rahalahy Branham, inona no azonay atao ho anao ankehitriny? Inona no tokony haloanay aminao?"

17 Hoy aho hoe, "Nahoana, mazava ho azy, tsy misy na inona na inona." Hoy aho hoe, "Tsy mandoa na inona na inona amiko ianareo." Hoy aho hoe, "Ianareo, aloavy ny faktioran'ny hoteliko, eto, raha tianareo."

18 "Oh, te-hanao zavatra ho anao izahay." Ary izy ireo tsy . . . tsy te-handray na inona na inona avy tamin'izy ireo aho.

19 Noho izany dia niantso azy ireo ilay mpikarakara. Hoy izy hoe, "Mino aho fa karazany tia mihaza sy manjono izy, sa tsy izany?"

Hoy izy hoe, "Eny."

20 Noho izany dia nanana trano fiompiana iray tany ny anankiray tamin'ireo mpandraharaha, ka hoy izy hoe, "Hataoko fanomezana ho azy fotsiny izany."

21 Eny, lasa nandeha mba hijery an'izany Atoa. Moore. Tsy maintsy nandeha nankany amin'ny teo dimy amby telopolo maily teo izy, nitaingin-tsoavaly. Hoy aho . . . Hoy Atoa. Moore hoe, "Tiako ny hahita an-dRanabavy Branham hipetraka eo ambonin'ny soavaly iray, mandeha mankany amin'izany." Noho izany izy, izy ireo, ary . . .

22 Fa, taorian'izany, na izany aza, dia nandeha nankany amin'ny toeram-ponenana iray tany Silver Plume izy ireo, Colorado. Natao ho eo amin'ity ilany ity izany ankehitriny.

Ary nividy toeram-piompiana kely iray izy ireo tany, ary nanorina trano iray misy efitra dimy tany ho ahy ankehitriny mba . . . any Silver Plume, Colorado, izay ao anatin'ny fon'ireo tendrombohitra mihitsy. Noho izany, ianareo mpanjono, ataoko fa fotoana tsara iray izany, noho izany dia ho toerana tsara iray hialana sasatra izany, ary aorian'ireo fivoriana sy ny sisa, raha avelan'Andriamanitra. Miankina Aminy izany, hitanareo.

23 Maniry aho ankehitriny ny hitarika ny fifantohantsika eo amin'ny Teny. Ary tiako fotsiny ny Teny, ny Teny velon'Andriamanitra. Izany dia, ao anatin'ny Teny no misy ny Fiainana. Ankehitriny, "Ny Teny, ny taratasy, dia mamono, fa ny Fanahy no manome Fiainana." Ary ny Fiainana dia ao anatin'ny Teny, satria izany no Tenin'Andriamanitra. Ny Fiainana dia mipetraka ao anatin'Ny Teniny.

Ohatra raha niteny taminareo aho hoe, "Omeko anareo . . . "

24 Hoy ianareo hoe, "Noana aho, izao maraina izao, Rahalahy Branham. Hanome ahy dimy dolara ve ianao?"

25 Hilaza aho hoe, "Hanome aho." Ankehitriny, misy fiainana betsaka ao amin'izany tahaka ny isiany ao amin'ny fampanantenako.

26 Tahaka an'izany ilay izy amin'Andriamanitra. Rehefa mampanantena zavatra iray Andriamanitra, amin'izay fotoana izay ny maha-Andriamanitra, Ny . . . Izy dia tsy maintsy ao anatin'Ny Teniny. Hitanareo? Ity Teny ity dia tsy mendrika . . . Ity Teny ity dia mitovy amin'Andriamanitra fotsiny. Andriamanitra Izany.

27 Ny teninareo dia izay maha-izy anareo. Fatotrareo izany; izany no niantsoanay azy fahiny. Ny fatotrareo dia ny teninareo. Raha tsy afaka mandray ny teninareo izahay, amin'izay fotoana izay dia tsy afaka manana fahatokiana aho. Fa raha afaka mandray ny teninareo ho an'ny zavatra rehetra aho, amin'izay fotoana izay dia izany no olon'ny haja iray.

28 Ary hoy ny Baiboly hoe, "Tamin'ny voalohany ny Teny, ary ny Teny tao amin'Andriamanitra, ary ny Teny dia Andriamanitra." Hitanareo? Hitanareo? "Ary ny Teny dia tonga nofo, ka nonina teo anivontsika."

29 Raha hieritreritra isika, an'izao, ilay tany izay iainantsika mihitsy, izao maraina izao, dia ny Tenin'Andriamanitra. *Itsy* hazo itsy dia ny Tenin'Andriamanitra. Ary ianareo, ny vatanareo, dia ny Tenin'Andriamanitra. Andriamanitra no niteny azy ho amin'ny fisiana tahaka an'izany, nanao azy avy tamin'ny tsinontsinona; izay tsy nanana na inona na inona.

30 Efa mba voamarikareo ve ny fiainan'olombelona, hoe avy aiza izany? Sela kely anankiray, tena kely ka tsy afaka mahita azy ny mason'olombelona; amin'ny alàlan'ny fitaratra lehibe iray, mahery fotsiny ihany. Ary avy tao no nihavian'ny

lehilahy iray dimampolo amby zato, roanjato livatra. Avy taiza izany? Hitanareo? Niteny an'izany fotsiny Andriamanitra, ary nanomboka fotsiny izany, tamin'ny alàlan'ny natiora, nitombo, ary izany marina tokoa no novokariny. Niteny ny hazo tsirairay Izy, ny zavatra rehetra, ho amin'ny fisiana. Ary zavatra iray mahafinaritra, mahafinaritra, izao maraina izao, ny mandinika ny Tenin'Andriamanitra.

31 Ankehitriny, izao, izao maraina izao, ao amin'ny Testamenta Taloha, mamadika ao amin'ny Tantara. Efa nikorontana kely fotsiny aho . . . Raha mbola mamadika ao amin'ny Tantara ianareo ankehitriny, ny toko faha-18. Reraka kely fotsiny. Fa raha sitraky ny Tompo . . .

32 Tsy azoko antoka; hahafantatra betsaka isika amin'ny Alarobia hariva. Raha sitraky ny Tompo, ka mahatsapa ho voatarika tahaka an'izany ny fiangonana, dia tiako ny haka ny Alarobia, Alakamisy, Zoma, Sabotsy, ary Alahady, ho fifohazana iray eto, fampianarana ara-pifohazana iray fotsiny avy amin'ny Teny. [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Alarobia, Alakamisy, Zoma, Sabotsy, ary Alahady, mampianatra eo amin'ny Teny fotsiny; tsy asam-panasitranana, fa fampianarana. Hitarika antsika tahaka an'izany angamba ny Tompo. Ary amin'izay fotoana izay isika . . . Tiako fotsiny ny hiaraka aminareo sy hanana fiombonana manodidina ny Teny, miaraka aminareo. Misaotra anareo, betsaka tokoa, ny amin'izany "amena" tsara, mahafinaritra izany.

33 Ankehitriny, ao amin'ny toko faha-18-n'ny Tantara, ary manomboka amin'ny andininy faha-12, no iriantsika hanaovana fototra ny fisainantsika, vetivety fotsiny eo amin'ity lohahevitra lehibe an'ny andro ity. Voalohany Tant- . . . Na, Tantara Faharoa, mamelà ahy. Tantara Faharoa 18:12, ary hamaky ampahany iray an'izany isika, ka hahita an'izay tian'ny Tompontsika ho fantatsika.

> *Ary ilay iraka izay nandeha niantso an'i Mikaia dia niteny taminy, nanao hoe, Indro, ny tenin'ireo mpaminany dia milaza soa* amin'*ny mpanjaka amin'ny fanekena iray; aoka ny teninao noho izany, miangavy anao aho, ho tahaka ny anankiray amin'ny azy ireo, ka mitenena soa ianao.*
>
> *Dia hoy i Mikaia hoe, Raha velona koa ny* Tompo*, izay nolazain'Andriamanitro ihany, no hoteneniko.*
>
> *Ary rehefa nankany amin'ny mpanjaka izy, dia hoy ny mpanjaka taminy hoe, Ry Mikaia, handeha* hiakatra *any Ramota-gileada ve isika mba hiady, sa hijanona ihany* isika*? Dia hoy izy hoe, Mandehana miakatra, ary aoka hambinina, fa hatolotra* eo *an-tànanao izy ireo.*

34 Ankehitriny, mba hanaovana fototra ny fisainantsika mandritry ny fotoana fohy; teny anankiray fotsiny ho Azy indray, eo amin'izany.

35 Rainay any An-danitra, amin'ny fo mankasitraka no anatonanay Anao izao ankehitriny izao, ho an'ireo fanahy very, ho an'ireo izay manana ilaina, ho an'ny fiangonana. Ka, enga anie hiditra ao anatin'ny Teny haingana ny Fanahy Masina ankehitriny, mivavaka izahay. Ento avy hatrany Izany ho eo amin'ny fo tsirairay izay manana ilaina. Ary rehefa manolotra Ny Hafany an'ny herin'ny Teny ao am-po Izy, dia enga anie ho ambinina amin'ny alàlan'Izany izahay rehetra, izao maraina izao; mandeha, miala amin'ny tabernakla, mifaly ary midera an'Andriamanitra, manao hoe, "Mangorakoraka ao anatintsika ny fontsika, nohon'Ny Fanatrehany." Fa mangataka an'izany amin'Ny Anarany izahay. Amena.

36 Ny sehatsika dia mifototra, izao maraina izao, eo amin'ny loza iray. Ary ny Testamenta Taloha, ho ahy, dia aloka iray foana na fi—na filazana mialoha iray an'ny Testamenta Vaovao. Matetika, hoy ny olona iray hoe, "Rahalahy Branham, nahoana ianao no maka ny Testamenta Taloha foana? Saiky isan'andro, eo am-pakàna lahateny iray, dia hiverina amin'ny Testamenta Taloha ianao." Manao an'izany aho satria tiako ny fanaovana tandindona. Tiako . . .

37 Tena voafetra ny fianarako, araka ny fantatrareo rehetra. Ary ny fomba tokana izay fantatro ho akaiky ny marina any ho any, dia ny mijery hoe inona ilay modely, mijery an'ilay drafitra ka mahita hoe inona ilay izy. Ary amin'izay fotoana izay dia fantatro hoe *itsy* dia ho zavatra iray mitovy amin'*ity* eto ity, satria izany dia alok'ilay izy fotsiny. Ary miverina mijery ao amin'ny Testamenta Taloha aho mba hahita an'izay nataon'ireo zanak'Isiraely, hahita hoe inona ilay sazin'ny fahotana, hahita hoe inona no fahamarinan'ireo mpaminany, hahita hoe inona daholo ireo zavatra ireo; ary avy eo aho dia hanana hevitra iray hoe inona *ity* eto ity, izay manao aloka mialoha an'izay hisy ao amin'ilay fiafarana faobe amin'ny farany.

38 Nandritr'ity fotoana ity, dia nisy zavatra lehibe iray nitranga tamin'ny Isiraely. Tao amin'ny aizin'ny misasak'aliny izy.

39 Ao amin'ny Testamenta Taloha, raha sitraky ny Tompo, angamba amin'ireo fivoriana ho avy, dia tiako ny haneho hoe ahoana fa ireo Taom-Piangonana Fito dia vita tandindona ao amin'ny Testamenta Taloha. Ahoana fa nanomboka marina tokoa izy ireo tahaka ny tamin'ny—ny fiandohan'ireo Taom-Piangonana an'ilay fiangonana Jentilisa, ary nandalo avy hatrany tao amin'ny taona maizina iray mitovy, ka nivoaka tao amin'ny fotoana be voninahitra an'ny Pentekosta, tamin'ny filatsahan'ny Fanahy Masina tao amin'ilay fiangonana voalohany an'ny . . . tao amin'ilay fizaram-potoana Jiosy. Avy eo dia nandalo vanim-potoana hafa iray an'ilay fiangonana

Jentilisa, nandalo taona maizina iray, ary avy eo dia nivoaka indray mankao amin'ny Arivo taona, amin'ny farany.

40 Ankehitriny, ahoana fa teo afovoan'ireo taonjato tany aoriana tany, dia tonga teo amin'ny fahefana ity Ahaba mpanjaka malaza ity. Ary somary nandeha teo ambonin'ny lazan'ireo mpanjaka Isiraelita hafa izy, izay ny . . . Ahaba, ny tenany, dia karazan'ny—ny mpino mpanara-driandrano iray. Nanondro azy tahaka an'izany aho mazàna, satria izy amin'ny ampaham-potoana iray dia teto amin'*ity* ilan'ny fefy ity, amin'ny ampaham-potoana iray dia tetsy amin'*itsy* ilan'ny fefy itsy.

41 Tsy ho fantatrareo mihitsy hoe aiza no hijoroana, ny lehilahy iray izay tsy marin-toerana tahaka an'izany. Na, ny olona iray izay milaza ho Kristiana, nefa tsy marin-toerana tahaka an'izany, dia tsy fantatrareo izay hatao mikasika an'ilay olona. Androany dia Kristiana izy ireo; rahampitso dia tsy fantatrareo hoe aiza no misy azy ireo. Ao am-piangonana androany, mifaly izy ireo sy mihira ary midera an'Andriamanitra; nefa rahampitso, dia any ivelany misotro, mifety, mandeha mihodinkodina. Amin'izay fotoana izay dia io karazan'olona io no sarotra hanaovan-javatra.

42 Tsaroako, raha mbola zazalahy iray, indray mandeha izahay dia nanana so—soavaly antitra iray, ka nitsambikina an'ireo fefy foana izy taloha. Ary ataoko fa maro aminareo lehilahy, amin'ny taonako, no hahafantatra indray an'ireo andron'ny soavaly, ireo andron'ny kalesin-tsoavaly. Tonga matetika aho, teto amin'ity làlambe eto ity, mitondra soavaly iray sy kalesin-tsoavaly, ny tenako. Dimy amby efapolo taona aho. Noho izany, izy ireo . . . Tsaroako, ity soavaly antitra ity, nasianay zioga teo amin'ny tendany, tahaka ny hataonareo amin'ny ombivavy iray, mba hisakana azy tsy hitsambikina amin'ilay fefy. Fa hitsambikina izy, na ahoana na ahoana. Ary hanala an'io zioga io izy ka hampianjera azy, sy ny sisa. Handeha hihoatra an'ilay fefy izy. Ary indray andro, izay izy . . .

43 Nanontany aho hoe inona no nanintona an'io biby antitra io. Ary nisy dobo fanasana goavana iray teo. Ankehitriny, nitsangana tao anaty alfalfa izy, oh, avo, saingy tiany . . . Nisy ravin'ahitra fihinana vitsivitsy tao anatin'ny dobo fanasana iray. Ary nitsambikina teo amin'io fefy io izy ary niditra tao amin'io dobo fanasana io izay nisy an'ireo vy sy fitaratra rehetra, izay nisy anay . . . tao amin'ny—amin'ny fanariam-pakonay, ary niditra tao mba hahazo eran'ny vava vitsivitsy avy amin'io ahitra fihinana io. Ary tsy maintsy nitondra soavaly vitsivitsy amboniny izahay ka nisintona azy hivoaka avy tao amin'io dobo fanasana io. Rehefa latsaka tao izy, dia lasa tavela tao. Ary rehefa nitsangana tao izy, dia nangovitra sy nivoa-drà, ary—ary toy ny ahoana izy, mba hahazo indraim-bava fotsiny, na roa, avy tamin'io ahitra fihinana io, rehefa nitsangana tao anatin'ny alfalfa, saiky hatrany amin'ny lohaliny.

44 Nieritreritra an'io sary io aho mazàna. "Sarotra ny làlan'ny mpandika lalàna iray." Tsy hipetraka tsara mihitsy izy eo amin'izay ihinanany sy hananany fotoana mahafinaritra iray, fa ilay . . . tsy maintsy nitsambikina an'ilay fefy izy ary lasa voatorotoro tanteraka sy voadidididy tahaka an'izany, mba hahazoana indraim-bava fotsiny amin'ny—amin'ny ahitra avy amin'ny karazany hafa iray. Ankehitriny, saiky tahaka an'izany mihitsy no ataon'ny olona, izay mitsambikina amin'ilay fefin'ny ahi-maitson'Andriamanitra. Tsy mino an'izany ve ianareo? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Mivoaka, mivoaka androany; miditra. Ao am-piangonana izy, manana fotoana mahafinaritra iray; avy eo, rahampitso, mivarotra ho an'ny zavatra iray tahaka an'izany. Izany no manao an'ilay izy ho tena sarotra.

45 Ahaba dia saiky izany karazan'olona izany. Any amin'izay rehetra nitsofan'ny rivotra, no nametrahan'i Ahaba ny lainy, raha teto amin'*ity* ilany ity izany na *itsy* ilany itsy. Ny fanambadiany no nanao azy hikorontana tanteraka, tamin'ny vehivavy kely iray izay mpanjakavavy kely, zanakavavin'ny mpanjaka iray, Jezebela iray. Tena tsara tarehy jerena, tena vehivavy tsara tarehy, saingy tao am-pony dia tena ratsy fanahy izy. Ary mpanompo sampy iray izy, ary izy no nahatonga ny Isiraely rehetra . . .

46 Ankehitriny, toy ny ahoana no itiavako hikasika eo mandritry ny minitra vitsy fotsiny, raha izay ilay izy, hidirana eo amin'ny votoatin'ity mikasika ny maha-reny, hitanareo, eo. Ary rehefa manomboka hanambady ny lehilahy iray; ilay karazana zazavavy, vehivavy izay izy . . . Mihoatra noho ny mijery ny hatsaran-tarehy fotsiny ilay izy. Tsy maintsy mahita olona iray ianareo, ny fanahy sy ny vatana dia mikambana miaraka; olona iray izay ho sakaizanareo sy namanareo marina tokoa, izay hifikitra aminareo na inon-kihatra na inon-kidona.

47 Ankehitriny, saingy, Ahaba, latsa-pitia taminy fotsiny izy satria tsara tarehy izy, heveriko, ary nanambady. Tsy mety nisy na inona na inona hafa mikasika azy, nohon'ny, satria ratsy fanahy izy. Ary tonga teo izy. Ary tamin'izay fotoana izay, mazava ho azy, satria revo taminy tahaka an'izany izy, ka tia azy, nahoana, izy no nahatonga ny Isiraely rehetra nanota sy nandeha nanohitra an'Andriamanitra, ary nandrodana an'ireo alitaran'Andriamanitra; nanorina an'ireo alitaran'i Bala. Ary nanao an'i Bala ho tompoina nanerana ny Isiraely rehetra izy ireo, tamin'io fotoana io.

48 Ankehitriny, ny vadiny no nahatonga an'i Nabota marina . . . Maro aminareo no efa namaky ny aminy. Toy ny ahoana no nakàny ny sahany, tamin'ny alàlan'ny fitaka; fianianana, lainga, ary nitondra vavolombelona sandoka nanohitra azy. Satria, tehanao zavatra ho an'ny vadiny izy; ka namono lehilahy marina

iray, mba hahazoana saha iray izay nikambana akaikin'ilay tanin'ny lapa.

49 Io rehetra io, dia nijery nidina Andriamanitra. Noho izany ilay mpaminany, Elia, izay mpanompo lehibe iray, mahery an'ny Tompo, dia naminany ary niteny tamin'i Jezebela an'izay hitranga aminy. Ary niteny tamin'i Ahaba izy fa ireo alika no hilelaka ny ràny manokana. Ankehitriny, rehefa nilaza zavatra iray Andriamanitra . . . Mazava ho azy, tamin'ireo andro ireo, ny Tenin'ny Tompo nivantana dia tonga tamin'ny alàlan'ny mpaminany.

50 "Andriamanitra, tamin'ny andro samihafa sy fanao samihafa dia niteny tamin'ireo razana tamin'ny alàlan'ireo mpaminany, amin'izao andro farany izao dia amin'ny alàlan'Ny Zanany, Kristy Jesosy."

51 Noho izany, *Ity* ny Teny. Ary raha misy zavatra iray mifanohitra amin'*Ity*, dia avelao hipetraka tsara izany. Hitanareo? Ankehitriny, faharoa, miteny amin'ny alàlan'ny mpaminany Izy amin'izao andro izao, ny mpahita, sy ny sisa. Fa voalohany dia *Ity,* ny Teny. Ankehitriny . . .

52 Ary nanao an'io faharatsiam-panahy io i Ahaba. Ary nanohy izy; nitahy ny olona nandritry ny taona maro Andriamanitra. Ary, farany, Josafata no mpanjaka tany Jodia, raha i Ahaba no mpanjaka tany Isiraely.

53 Ary, noho izany, Josafata dia lehilahy marina iray. Zanak'i Asa izy. Asa dia le—lehilahy marina iray, ary izy no nandrodana an'ireo alitara rehetra an'ireo—ireo sampy; nanorina an'ireo alitaran'i Jehovah. Ary izy ireo dia nanana fi—fifohazana iray, raha izay ilay izy, tany Jodia tany.

54 Ary avy eo afaka kelikely, Josafata, na Ahaba raha ny marina, dia naniraka, ary nahita ampahan-tany hafa iray izy, tany Syria, izay noheveriny fa azy, izay noheveriny fa halainy. Noho izany dia nanontany an'ity Josafata ity izy raha ho avy ka hanao fifanekena iray aminy.

55 Ary, mazava ho azy, misy loza lehibe ankehitriny, hitanareo, rehefa nahita an'io mpanjaka lehibe io izy ireo, Ahaba, tany, ary nahita an'io anankiray lehibe io teto, Josafata; ny iray tamin'izy ireo, dia matimaty iray; ilay hafa, dia lehilahy feno ny Fanahy. Mitandrema amin'izay hanaovanareo ny fifanekenareo. Tandremo izay ataonareo, ahoana no hanasianareo zioga ny tenanareo miaraka amin'ireo tsi-mpino. Tehirizo madio ny tenanareo, indrindra amin'ny andro izay iainantsika.

56 Mino aho, ry fiangonana, tsy misy aloky ny fisalasalana iray, fa mirehitra ao am-poko izany. Izany no antony itadiavako an'ireo hariva dimy ireo, tsy ho ela; indray mandeha indray, alohan'ny hitrangany, hanome ho an'ity fiangonana ity fibangoana marina iray, amin'ny alàlan'ny Baiboly.

57 Miaina ao amin'ireo aloky ny fotoana isika. Mety hitranga amin'ny fotoana rehetra izany. Rehefa mahita an'ireo fotoana tonga mba hisehoan'ireo zavatra isika; ilay faharatsiam-panahin'ny fahavalo mihitsy, ireo hery mihitsy. Mijery an'ireo tafiotran'oram-panala sy ny sisa mitranga isika, ireo pesta rehetra ireo, ireo zavatra hafa rehetra. Izany rehetra izany dia naterak'ireo fampiatoana ireo, avy amin'ny fanapoahana an'ireo baomba ireo sy ny sisa. Eo am-panaovana an'ireo zavatra ireo hikorontana izy ireo eto. Ary misavorovoro manodidina ny trano fandinihana goavana an'Andriamanitra izy ireo, mba hahatanteraka Ny Teniny. Hitranga izany.

58 Noho izany, "ilay lehilahin'ota" dia eo am-pisehoana, hery, tena mamitaka. Oadray. Nandre mpitoriteny iray aho aninkeo maraina, lehilahy iray feno ny Fanahy, nandray ny mariky ny bibidia ka nilaza fa ilay antikristy dia i Rosia. Fahadisoana iray toy ny inona. Ah-hah. Tsy misy idiran'ny Rosia amin'izany. Tsia, tompoko. Ara-tSoratra izany. Ankehitriny, fa mariho ao amin'ity fotoana lehibe izay iainantsika ity, ny fampitandremana iray.

59 Ankehitriny, ity Josafata ity, nahatsapa tsara kely satria hoy ilay mpanjakan'ny Isiraely lehibe hoe, "Avia, vangio aho." Dia nandeha tany izy. Ary nitondra omby sy ondry izy ireo, sy ny sisa, nanao fanatitra. Hatramin'izay, tao amin'ny fon'i Ahaba lalina tao, dia mpamitaka iray izy, satria izy dia tsy nanompo an'io . . . na nanolotra an'ireo ondry sy ny sisa ireo tamin'ny fo marina iray, satria, na izany aza, dia nirona betsaka tamin'ny fivavahan'ny vadiny izy.

60 Ary mariho, tahaka an'i Ahaba nanambady an'i Jezebela nandritry ny fotoan'io taona maizina lehibe an'i Isiraely io mihitsy, dia nampiditra fanompoan-tsampy tao Isiraely izy, tena tandindona iray mihitsy an'izao andro izao. Tao amin'ilay taona maizina mihitsy; rehefa avy nandalo an'ireo apostoly voalohany isika, fihodinana faharoa, fihodinana fahatelo, nankao amin'ilay taona maizina, ireo dimanjato sy arivo taona. Tahaka ny nanambadian'i Ahaba an'i Jezebela mihitsy ka nampidirany fanompoan-tsampy tao Isiraely, dia toy izany koa no nanambadian'ny fiangonan'ny Fanahy Masina tao amin'ireo isma, ary nitondra fanompoan-tsampy indray, ary amin'izao andro izao dia endriky ny Kristianisma ilay izy. Hitanareo? Hitanareo, tena maizina mihitsy. Ary ankehitriny dia mitohy izany, isan'andro; ny taom-piangonana tsirairay dia mitohy mankao amin'ilay zavatra iray ihany, mankao amin'ilay famaranana lehibe, mankao amin'ilay toerana matimaty izay tonga, Taom-Piangonan'i Laodikia matimaty. Oh, ora mahatsiravina toy ny inona no iainantsika.

61 Henoy. Te-hitsotra mihitsy aho eto, alohan'ny andehanako lavidavitra kokoa. Mpitory teny iray amin'ny fanao fahiny aho izay maniry fatratra ny hahita an'ireo andro fahiny indray.

Efa nahita betsaka an'io fakan-tahaka io aho, Hollywood mampamirapiratra ny Filazantsara, hany ka leo an'izany aho. Eny, tompoko. Te-hahita an'ilay fanao fahiny aho. Matahotra aho fa manao ny Kristianisma ho tsara tarehy loatra ho an'ny olona isika; faritra iray mampidi-doza izany.

62 Ankehitriny, tonga i Josafata, mieritreritra hoe, "Oh, eny, io mpanjakan'ny Isiraely lehibe io, izaho fotsiny dia . . . Oh, izahay dia . . . Ho mety tsara izany." Ary teo afovoan'io famirapiratana goavana rehetra io mihitsy, dia inona no nataony? Nanao fifanekena iray izy, mba hiakatra ka hiady amin'ilay fahavalo, teo amin'ireo fototra iraisana, satria hoy izy ireo hoe, "Vahoaka iray ihany isika roa." Saingy tsy izany izy ireo. Ny anankiray dia vondrona feno ny Fanahy, ilay hafa dia vondrona iray matimaty. Tsy vahoaka iray ihany izy ireo. Tsia, tompoko. Ianareo tsy afaka hahazo . . .

63 Tsy afaka hanana fiombonana amin'ny hazavana ny aizina. Ny—ny alina dia tsy afaka hisy eo amin'ny fanatrehan'ny hazavan'ny masoandro. Ary ny fotoana tsy azo itokiana indrindra izay misy, dia eo anelanelan'ireo fotoana. Rehefa milentika na miposaka mihitsy ny masoandro, no fotoana tsy azo itokiana indrindra izay misy. Tsy misy fahitana betsaka hahitana mazava; ireo jiro eo amin'ny fiaranareo dia tsy haneho tsara sy mazava. Tsaratsara kokoa amin'ilay izy ny ho maizina na mazava. Hoy Jesosy hoe, "Aoka hafana na hangatsiaka, fa tsy ho matimaty." Izao fotsiny, izany ilay faritra mampidi-doza.

64 Ary noho izany i Josafata, rehefa tonga izy, dia tamin'izay fotoana izay no vita io fifanekena lehibe io, izay tsy nahafaly an'Andriamanitra. Ary mariho, tamin'ny andron'ny azy mihitsy, ireo fahataitairana rehetra ankehitriny hoe, "Mahita sitraka amin'ity mpanjaka ity aho. Ary, oh, izaho—izaho—manana fiombonana amin'ity mpiara-monina ity aho. Izaho manana . . . "

65 Hitanareo, tandremo tsara, izany, ry fiangonana. Hitanareo? Izany no mahatonga ny olana rehetra manodidina an'ity tabernakla eto ity, ary manodidina ny hafa. Hitanareo? Tandremo tsara izay ifangaroanareo. Hitanareo? Mivoaha avy hatrany, ary na aoka homba an'i Kristy na aoka hanohitra Azy. Hitanareo?

66 Ankehitriny, nanao an'ilay fifanekena ity lehilahy ity, ary nihevitra izy fa nanao zavatra iray lehibe. Kanefa, rehefa hoy izy hoe, "Tsy misy ve eo ankehitriny, alohan'ny ahafahantsika miakatra, tokony hanontany ny Tompo isika mikasika an'ity?" Ankehitriny, nanana fivavahana ampy i Josafata tavela tao anatiny, tao amin'ny fahadisoany, ka nandeha tany izy nankeo amin'ity mpanjaka ity, fa nanana fivavahana ampy izy tavela tao anatiny mba hieritreretana hoe, "Eny, tokony hanontany ny Tompo isika fara-faharatsiny."

67 Ankehitriny, Ahaba dia nanohy nandeha avy hatrany tsy nilaza teny iray; ny fanaony manokana ara-mekanika, ara-batana, an'olombelona fotsiny amin'ny fanaovan-javatra.

68 Ary manontany fotsiny mihitsy aho eto, ry fiangonana, raha tsy efa tahaka an'izany, matetika, no nanaovantsika fahadisoana. Maminavina an'ilay izy, ka manao hoe, "Eny, tokony ho tahaka an'*ity* ilay izy," dia mametraka an'ilay izy tahaka an'izany isika.

69 Heveriko fa misy fitoriana filazantsara Amerikana marobe amin'izao andro izao, izay nametrahantsika an'izany ao amin'ny endriky ny—ny, hataoko hoe, fitoriana filazantsaran'i Hollywood, mikasika ny famirapiratana marobe. Mahamarika an'ilay evanjelista izay mankeo amin'ny lampihazo isika, amin'izao andro izao, ary, oadray, mibontsimbontsina tanteraka izy, ary miteny vazivazy marobe alohan'ny anombohany mitory teny, sy ireo zavatra tahaka an'izany, ary manao hadalana sy mihetsika tahaka ny mpanao hatsikana iray, eo amin'ny polipitra. Rehefa tonga ny fotoana hanaovana antso iray eny amin'ny alitara, dia tsy mahita fahatsoram-po mihitsy akory aza ny olona mba hanaovana antso iray eny amin'ny alitara. Marina izany. Izany no antony mahatonga an'izao tontolo izao ao anatin'ny toerana matimaty amin'izao andro izao, izay misy azy.

70 Manontany aho, androany. Ilay izy fotsiny, androany, izaho . . . Ny fiangonana, miezaka mandefa an'ireo zazalahintsika any an-tsekoly isika, mba hianatra fianarana momba ny saina, sy ny sisa tahaka an'izany, mba hahafantatra hoe ahoana no ametrahana fandaharana iray, hidirana eo amin'ny polipitra sy handaminana ny . . . Tena mamitaka ilay hafatra, ka hahazo ny olona izany, sy hahazo ny fifantohan'izy ireo. Ary mpahay momba ny saina malaza maro no mivoaka ho mpampianatra tahaka an'izany, ary manao tantara ka mametraka zavatra marobe. Ary manontany fotsiny aho, rehefa izy ireo . . . fa . . . Miteny foana ny amin'ny hatsaran-tarehy sy ny fanintonan'ny fiangonana isika. Fa adinontsika ny miteny amin'izy ireo hoe, "Izay hanaraka Ahy, aoka izy handà ny tenany, hitondra ny hazo fijaliany, ka hanaraka Ahy." Manontany aho raha tsy nanao ny hatsaran-tarehin'ny fiangonana ho tena tsara tarehy isika, mba idiran'ilay olona.

71 Ohatra, ny fiangonana Batista amin'izao andro izao dia manana teny filamatra iray hoe, "Iray tapitrisa amboniny amin'ny '44," mampiditra mambra an'arivony, sy an'aliny, tsy niova fo, olona izay miditra fotsiny ary mikambana amin'ny fiangonana. Ary fahafaham-baraka iray ho an'ilay Fiangonan'i Jesosy Kristy, ny mampiditra mambra tahaka an'izany. Mbola misotro foana izy ireo. Mbola mifoka foana izy ireo. Mbola miloka foana izy ireo. Mbola mandainga foana izy ireo.

72 Tonga ao am-piangonana izy ireo, manantena ny hampifalian'ny andian'ireo evanjelista an'i Hollywood izay

mandroso, mametraka famirapiratana maro, ary fitaovana maro mipetraka eo aloha-sy-aorian'ny lampihazo.

73 Nefa, tokony hanana fanao fahiny iray izy ireo, Andriamanitra-aloha, miantsoantso, antso eny amin'ny alitara eo; izay tsy ahatongavan'ny lehilahy sy vehivavy mba hamirapiratra, na hanatona ka hihetsika ho mpanao hatsikana iray, fa handohalika eo amin'ny alitara ka hahafantatra ny fahafatesan'i Jesosy Kristy eo, izay maty ho azy ireo, ka hiverina ho tso-po amin'Andriamanitra indray.

74 Manontany aho raha tsy miaina amin'izany karazana fotoana izany isika, rehefa mandray an'ireo evanjelista malaza, tahaka an'ireo maro izay mitety ny firenena amin'izao andro izao, ireo evanjelista fanta-daza izay mianatra fianarana momba ny saina ka misintona ny olona ho any am-piangonana. Fa vao avy mampiditra azy ireo indray mandeha ao am-piangonana ianareo, amin'izay fotoana izay dia inona no hataonareo amin'izy ireo? Inona—inona no hitranga amin'izy ireo aorian'ny idiran'izy ireo ao am-piangonana? Mikambana amin'ny fiangonana fotsiny, ary miverina miaraka amin'ilay fahotana iray ihany sy ilay faniriana iray ihany izay nidiran'izy ireo tao am-piangonana. Miverina amin'ilay fanao iray ihany izy ireo. Ary izany no antony, amin'izao andro izao, izay jeren'izao tontolo izao, nanao hoe, "Eny, raha manana fivavahana *itsy* lehilahy itsy, raha manana fivavahana *ity* olona ity . . . "

75 Matahotra aho fa nataontsika mora loatra ilay izy. Izany dia, tiako . . . Heveriko, ny fifaliana, marina tokoa, mino aho fa ny fifaliana rehetra dia mitoetra ao amin'i Jesosy Kristy. Marina izany. Mino aho fa fifaliana sy fahasambarana ilay izy. Saingy tsarovy, rahalahy, ilay izy dia làlan'ny fangirifiriana sy fijaliana ary ny hazo fijaliana. Ianareo dia tsy maintsy mahafantatra an'izany, ihany koa. Marina izany. Manontany aho raha tsy nandoko an'ilay izy ho kely loatra—ho mora kely loatra isika.

76 Ohatra, nijery aho, ary ny vadiko dia nametraka . . . Nivoaka aho, ary nametraka raozy iray teo amin'ny palitaoko izy aninkeo maraina. Hoy izy hoe, "Tokony hitondra an'izany ianao. Velona ny reninao."

Dia hoy aho hoe, "Oh, malala, tsy fantatro."

77 Mahafinaritra ny Fetin'ny Reny, saingy mitovy amin'izao tontolo izao izany, nanao an'ilay zavatra ho ara-barotra izy ireo, mba hivarotana voninkazo fotsiny ihany sy ireo zavatra tahaka an'izany. Nahoana, fahafaham-baraka ho an'ny reny izany. Nahoana, ny reniko dia reniko isan'andro amin'ny taona, eny, tompoko, fa tsy andro anankiray fotsiny.

Hilaza aho hoe, "Tianao ve ny reninao?"

78 "Nandefa fehezam-boninkazo iray ho azy aho tamin'ny Fetin'ny Reny farany." Eny, rahalahy, tokony ho reny isan'andro izy. Saingy resaka ara-barotra ilay izy.

79 Tsara tarehy io voninkazo io. Tiako ny voninkazo iray tsara tarehy. Mihevitra an'izany fotsiny aho toy ny hoe izaho dia manao . . . Tsara tarehy toy ny ahoana ilay voninkazo. Mamony izy. Ary manana hanitra izy. Ary manimbolo an'izany ireo mpandalo. Mandalo ny biby, manimbolo an'izany. Fa, jereo ankehitriny, tsara tarehy izy. Tahaka an'ilay Fiangonan'i Jesosy Kristy Tompo, Izany no zavatra be voninahitra indrindra; ireo fanasitranana avy amin'Andriamanitra, sy hery, sy fahagagana, sy famantarana, sy zava-mahagaga, ary fahafahana amin'ny fahotana. Izany no toerana iray tsara tarehy. Fa, jereo, raha io raozy io . . . Isika dia tokony ho tonga, ilay Fiangonana, tahaka ny natiora rehetra.

80 Io raozy io, satria tsara tarehy, dia hilelaka azy ny ombivavy rehetra eo amin'ny faritra raha vitany. Fa nanomana benitra kely ny natiora, lefona kely mihoatra eo, antsoina hoe tsilo, ary izy ireo no manao azy ireo hanalavitra. Izany no miaro azy. Marina tokoa izany.

81 Ary mihevitra aho, androany, raha tsy manana ny Tenin'Andriamanitra isika, maranitra noho ny sabatra roa lela, manodidina an'ilay hatsaran-tarehin'ny herin'ny fahamasinan'Andriamanitra, dia hamela ny ombivavy rehetra eto amin'ny faritra hilelaka Azy sy hanongotra Azy. Handoto Azy izany. Ho fahafaham-baraka iray ho an'ilay Fiangonana izany. Marina izany.

82 Heveriko, androany, fa ny ilaintsika dia mpitoriteny tamin'ny fanao fahiny, nantsoin'Andriamanitra, tsy mitsitsy, angamba tsy miaraka amin'ny fianarana betsaka, fa hitondra ny olona handohalika eo amin'ny alitara, ary hangirifiry eo. Tsy amin'ny fifaliana sy fihomehezana, ary mitsakotsako siligaoma, ka mametraka ny anaran'izy ireo eo amin'ny taratasy iray; fa, rahalahy, antsoantso fahiny iray sy fahafatesana, hany ka mibebaka marina tokoa amin'ny fahotany ireo lehilahy sy vehivavy ary manatona akaiky an'Andriamanitra. Amena.

83 Teneniko aminareo, isika dia manao hoe, "Atsangano ny tànanareo, izay te-hanaiky an'i Kristy," ny rehetra tahaka an'izany. Mety tsara izany, rahalahy, saingy izany tsy—tsy mamoaka ny fahotana izany.

84 Tsy maintsy mibebaka aloha ianareo, mahitsy, mandohalika eo ary miantsoantso marina tokoa. Afaka mahatsiaro an'ireo fotoana izay nandrosoan'ireo olona tamin'ny fanao fahiny nanerana ny làlantsara aho, ary nandroso sy niverina teo amin'ireo làlana, nitomany, sy niresaka tamin'ireo mpiaramonina aminy. Izany dia ireo Kristiana tamin'izany andro izany; niteny tamin'izy ireo mikasika an'ireo zavatry ny Tompo.

85 Ary, amin'izao andro izao, dia mametraka ny anarantsika eo amin'ny bokim-piangonana isika, ary mivoaka ka mijanona any an-trano, ary tsy milaza teny iray mikasika an'Izany mihitsy. Tsy

miraika. "Raha mbola mikambana amin'ny fiangonana foana isika, dia mety tsara izany." Azoko antoka fa diso isika eo, ry olona. Mandiniha tena. Satria, tsy hahajoro eo amin'ny fitsarana izany. Tsia, tompoko. Tsy hahajoro izany.

86 Tsy misy na inona na inona ankoatry ny hoe, "Izay hanaraka Ahy, dia aoka izy handà ny tenany, hitondra ny hazo fijaliany, ary maty isan'andro." Mijanòna maty, eo amin'ny hazo fijaliana eo. Marina izany. Fangirifiriana! "Ilay làlana, haka an'ilay làlana aho," mihira ianareo, "miaraka amin'ilay vitsin'ny Tompo nohamavoina."

87 Heveriko androany, hoe fotoana iray toy ny inona no iainantsika! Fa, ny fitoriana ny filazantsara, dia apetrak'izy ireo ao anatin'ny hazavana goavana mamiratra izany, ary miezaka izy ireo . . . Rehefa mahita an'ilay evanjelista tonga ao an-tanàna ianareo, dia manontany. Izaho, ireo fivoriako dia efa meloka tamin'ilay zavatra iray ihany. Marina izany. Manontany aho hoe iza no tonga ao an-tanàna, matetika, ilay evanjelista sa Jesosy Kristy? Nahoana, izy ireo dia . . .

88 Nandeha tany amin'ny toerana iray aho teto, vao tsy ela akory izay, izay nisy evanjelista anankiray natao ho tonga. Ary Anaran'i Jesosy . . . Nahoana, nametraka ny sarin'ilay evanjelista izy ireo hoe, "ilay lehilahin'ny ora," ilay lehilahy miaraka amin'*ity,* ary ilay lehilahy miaraka amin'*itsy*.

89 Izaho, matetika aho dia mieritreritra ny asam-panompoako, ka mahita ny olona tonga. Ary miditra ao amin'ny efitry ny hotely iray aho, manao hoe, "Andriamanitra, iza—iza no ahatongavan'ireo olona ho jerena, izaho sa Ianao?" Hitanareo? "Raha tonga hijery ahy izy ireo, dia mbola very, foana; fa, O Andriamanitra, poteho aho, esory aho. Te-haneho Anao aho, ilay Anankiray Izay hitsangananay eo aloha indray andro any, miaraka amin'ny tànana mangovitra sy vatana mangovitra, malemy, mijery Anao. Mahafantatra fa ny fanahiko dia miankina amin'ny Fanapahan-kevitrao." Ndao isika hanandratra an'i Kristy.

90 Amin'izao andro izao, dia hoy ianareo hoe, "Eny, mikambana amin'ny Batista aho. Metodista aho. Mikambana amin'ny tabernakla aho. Izaho manao an'*ity*." Oh, tsy misy idiran'izany amin'io; tsy misy zavatra iray. Manontany matetika aho.

91 Teto vao tsy ela akory izay, dia nahita do—dokam-barotra iray aho, izay nahatongavan'ny asam-pitoriana anankiray teo amin'ny tanàna. Ary ny tenin'ilay lehilahy, ny anaran'ilay lehilahy dia voasoratra tamin'ny litera goavana be nanerana ny rehetra, tahaka an'*izao*. Ary teo ambany, teo amin'ny zorony kely iray, dia nanao hoe, "Jesosy Kristy ilay tsy miova omaly, anio, ary mandrakizay," teo amin'ilay zorony ambany. Hitanareo?

92 Nalain'izy ireo ny fahamasinana rehetra avy tamin'i Kristy, ka napetrany teo amin'ny lehilahy anankiray izany, na fiangonana iray, na rafi-pandaminana iray. Rahalahy, miteny aho, afaka milamindamina amin'ny famirapiratana ianareo, hatsikan'i Hollywood, tahaka an'izany, ao amin'ny. . . amin'ny alàlan'ny fiangonana. Fa, eo amin'ny Fanatrehan'i Jesosy Kristy, dia Izy no Anankiray tokony homem-boninahitra. Marina izany. Ankehitriny, izany no fahamarinana, ry rahalahy sy anabavy malalako.

93 Aza tezitra amiko. Tsarovy fotsiny izay toriako aminareo. Tiako ny hitory toy ny hoe ity no toriteny farany izay hany notoriako teo amin'ny fiainako. Tiako ny hitory, ny toriteny tsirairay izay toriako, toy ny hoe lehilahy iray eo am-pahafatesana aho mitory amin'ireo olona eo am-pahafatesana. Ary, izany aho; miha-mihena ny hazavako, isan'andro; ny anareo dia mihena, ihany koa. Ary mety maty eo am-pahafatesana isika. Ary tsy maintsy hiatrika an'ilay Andriamanitra velona isika, indray andro any, ka tsaratsara kokoa amintsika ny ho ao amin'ny fahatsoram-po lalina mikasika an'ity.

94 Ao anatin'ny famirapiratana iray fotsiny, ary manao hadalana, sy mikambana amin'ny fiangonana, ka mandeha *eto* sy *etsy,* mihetsika tahaka an'*ity* sy tahaka an'*itsy*.

95 Tsaratsara kokoa amintsika ny manana fivoriam-bavaka amin'ny fanao fahiny any an-tranontsika, ary miantsoantso an'Andriamanitra, andro aman'alina. Antomotra ilay andro hoe, "andron'ny fanaintainana, andron'ny fahoriana." Hoy ny Baiboly hoe, "andro maizina iray." Ary miaina ao amin'izany isika.

96 Ahoana fa nandeha tany io lehilahy malaza io teo ambanin'ny fahataitairana. Nanakambana ny tenany tamin'ireo matimaty izy, niaraka tamin'ireo mpanara-driandrano, ary nihevitra fa nanao zavatra lehibe izy, nihevitra fa nitahy azy Andriamanitra. Nefa tsy nahafantatra fa teo no ho eo dia nampiditra an'io vondrona rehetra io niaraka taminy izy. Inona? "Ny vondrona kelintsika, an'i—an'i Jodia eto, dia hidina ka hanakambana ny tenantsika amin'ireo antoko malazan'ny Isiraely. Ho vahoaka iray mahery toy ny inona isika."

97 Eo ianareo izao. Ary izany ilay tena faritry ny famitahana izay ampiasain'ny devoly mihitsy izao ankehitriny izao, mba hampidirana an'ilay antikristy; azo antoka mihitsy tahaka ny itsanganako eto amin'ity. "Hanakambana ny ezatsika miaraka isika." Tsy afaka manao an'izany isika. Ahoana no ahafahan'ny roa hiaraka handeha, raha tsy nifanaiky izy ireo?

98 Ity Etazonia ity dia manao an'ilay zavatra iray ihany, ilay fahatsapana iray ihany mihitsy ary ilay fahadisoana iray ihany, rehefa nikambana tamin'i Rosia izy tany. Tamin'ny fotoana saiky naha-vonona azy ireo hanao ady mihitsy, ka

namatotra ny tenantsika niaraka tamin'i Rosia. Ary ankehitriny dia hitanareo izay ananantsika, sa tsy izany? Manana an'ireo fiaramanidintsika sy ny tsiambaratelontsika rehetra izy ireo, sy ireo baomba atomikantsika ary ny zavatra rehetra mipetraka any, mba hanapoaka an'izany amintsika. Ilay zavatra iray ihany no misy amin'ny ara-panahy.

99 Amin'izay fotona izay dia hitantsika, rehefa avy nanao an'io fifanekena io i Josafata, dia nanontany izy ireo. Diniho ankehitriny, diniho ilay izao tontolo izao any ivelany, hoy izy hoe, "Azo antoka, manana mpaminany betsaka izahay eto. Manana seminera iray feno azy ireny izahay."

100 Mandeha izy ireo ary maka an'ireo lehilahy izay efa nofanina, izay mahafantatra fianarana momba ny saina, izay mahafantatra ny rehetra mikasika an'izany. Hoy izy ireo, "Miakara ankehitriny, dia hangataka sy hanontany ny Tompo isika."

101 Izy rehetra, mazava ho azy, tao amin'ny fisainany ara-nofo nibontsimbontsina, dia tonga teo ka nanao hoe, "Ankehitriny, jereo, isika . . . Miakara ianao. Momba anao ny Tompo, ary ny Tompo dia hanome anao an'io ampahan-tany any io. Fa, ho anao izany. Hanosika an'ireo Syriana ho any aoriana tanteraka ianao. Ho vitanao izany." Ny iray tamin'izy ireo aza dia nanamboatra tandroka vy ho an'ny tenany mihitsy, ary nanomboka nandehandeha tahaka an'*izao,* nanao hoe, "Amin'ity, no hanosehanao an'ireo Syriana hiala."

102 Fa, Josafata, ara-panahy amboniny kely iray, mba handefitra amin'io hadalan'ny fanaovana hatsikana io. Marina izany.

103 Andriamanitra, omeo Josafata vitsivitsy amboniny izahay, leo an'ity fanaovana hatsikana an'i Hollywood eto ity. Marina izany, fihetsiketsehana, mihambo ho zavatra iray izay tsy maha-izy azy ireo; manamboamboatra, manao teatra, mitarika. Ary avy eo rehefa miditra izy ireo, dia inona no azonareo rehefa miditra ianareo? Toy ny mangataka olona iray hoe, "avia hilomano ao an-tany efitra iray". Tsy misy afa-tsy fasiky ny helodrano iray eo ambonin'ny lohanareo, mba hiteraka alahelo aorian'izany.

104 Mariho ankehitriny, ao amin'ny inona no azonareo hampidirana azy ireo? Ramatoa anankiray no nilaza tamiko indray andro hoe, "Hoy ny lehilahy iray hoe, 'Handeha any am-piangonana aho, saingy inona—inona no ho azoko rehefa nandeha tany am-piangonana aho?' Hoy izy, 'Ny hany ataon'izy ireo dia ny mikarakara sakafo hariva iray, ary izy ireo . . . saiky *ity, itsy,* ary ny *hafa*.'" Dia hoy ilay ramatoa hoe, "Nitsangana tsy nahateny aho, satria tsy fantatro hoe aiza no handefasako azy." Eo ianareo izao. Hoy izy, "Maniry aho ny hahita fiangonana fahiny iray izay hihiran'izy ireo marina tokoa an'ireo hira fiderana tamin'ny fanao fahiny ary miaina masina."

105 Noana ireo ankizy, hihinana avy amin'ny daban-jaoridira izy ireo. Miankina amin'ilay Fiangonan'Andriamanitra velona ny mamahana azy ireo an'ilay Teny velona an'ny . . . an'Andriamanitra.

106 Tany, tao amin'io famirapiratana sy karazan-javatra rehetra io, dia hoy i Josafata hoe, "Tsy misy anankiray amboniny ve?"

107 "Anankiray amboniny?" hoy i Ahaba. "Eny, inona no ilanao anankiray amboniny? Manana efajato amin'ny tsara indrindra isika, lehilahy voafantina, nianatra, tsara fahana, -akanjo izay misy eto amin'ny firenena, mitsangana eto. Ny tsirairay avy amin'izy ireo dia iray saina, sy iray fo, ary iray feo, manao hoe, 'Mandehana! Momba anao Andriamanitra.'"

108 Manontany aho raha tsy nahatanteraka an'ilay zavatra iray ihany i Etazonia. Manontany aho raha tsy nahatanteraka an'ilay zavatra iray ihany ilay Fiangonan'Andriamanitra. Manontany aho. "Eny," hoy izy ireo, "jereo, manana fahombiazana izy ireo. Manana fivoriana lehibe, goavana izy ireo. Mitondra an'arivony amin'ny fotoana iray izy ireo." Fa manontany aho raha tsy misy anankiray amboniny fotsiny. Manontany aho raha tsy misy zavatra iray hafa.

109 Mahita isika, manana niova fo telo alina isika ao anatin'ny enina herinandro, ary enina herinandro aty aoriana dia tsy manana anankiray isika. Misy zavatra tsy mety any ho any. Marina izany. Ary izany dia famirapiratana daholo, fihetsiketsehana. Izao tontolo izao, amin'ny alàlan'ny televiziona, amin'ny alàlan'ny radio, amin'ny alàlan'ny fampisehoana sarimihetsika, sy ireo famoahana eo ireo, no nandoto an'ity firenena ity tamin'ny hadalan'i Hollywood. Marina izany. Ny zavatra rehetra dia te-ho famirapiratana goavana. Tsy izany ve no fahamarinana? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Fantatrareo fa izany no fahamarinana. Tsy manana fivavahana tamin'ny andro fahiny intsony isika izay nananantsika fahiny taona maro lasa izay. Izany dia satria nilaozana ilay izy. Ho tonga eo amin'izany isika, afaka fotoana vitsy fotsiny, hahita ianareo.

110 Nahoana, sary iray tsara tarehy toy ny inona, na sary manaitra iray, no tokony lazaiko. Ary indro tonga ity Josafata ity, nanao hoe, "Eny, hitako izy rehetra. Izy ireo dia, ny tsirairay avy, dia manana diplaoma," ary na inona na inona ilay izy. "Tsy maintsy ho mpaminany izy rehetra, na mpitoriteny malaza. Avy tamin'ireo kolejy malaza izy ireo. Ary izy rehetra dia ity. Avy tamin'ilay sekoly goavana an'ny mpaminany izy ireo, sy ny sisa. Iray saina izy rehetra. Marina izany. Saingy tsy misy anankiray amboniny fotsiny ve?"

111 "Eny, inona no hilainao anankiray amboniny, nefa efajato no nanome fanekena tamin'ny fotoana iray?"

112 Saingy io lehilahy io, tao amin'ny fony ambany tao, dia nanana an'Andriamanitra. Ary fantany fa nisy zavatra tsy nety mikasika an'izany. Eny, tompoko. Fantany fa nisy zavatra lò tao. Nahoana? Mamelà ahy hanome anareo . . . Tsy manonona an'ilay izy ny Soratra, fa izao no azoko. Fantatro fa—fa Josafata dia nahafantatra an'io mpihatsaravelatsihy teo io, Ahaba, hoe tsy nahitsy tamin'Andriamanitra izy. Ary Elia dia efa naminany ny Tenin'Andriamanitra ny aminy. Ary ahoana no ahafahan'Andriamanitra hitahy an'izay efa Nozoniny? Amena.

113 Milaza an'ilay zavatra iray ihany aho androany, ry sakaiza. Ary ilay Fiangonan'Andriamanitra velona, izay mijoro mahatoky amin'Andriamanitra, dia hilaza an'ilay zavatra iray ihany. Tsy afaka manafangaro diloilo sy rano miaraka ianareo ka hiantso an'izany ho ny famonjena. Tsy afaka ianareo. Tsy maintsy manasaraka ny tenanareo ianareo, rahalahy. Misy zavatra tsy maintsy hitranga. Raha misy fanantenana iray tavela, dia tokony hanao zavatra isika, ary hanao an'izany haingana; satria, antomotra ny oran'ny fampakarana.

114 Maka endrika ireo zavatra, ny zavatra rehetra, ary tena lasa lavitra ny fiangonana. Mamaky an'ireo karazana magazina rehetra izy ireo, ireo boky, ireo tantara, ary ny zavatra rehetra. Afaka mandeha aho androany mankany amin'ny . . . Afaka mandeha mankany amin'ny fiangonana iray aho, ka afaka milaza hoe, "Oh, firy no mahafantatra . . . " Mahafantatra ny hira fiderana rehetra izy ireo, aorian'ny iray amin'ireo fivoriana goavana ireo. "Ankehitriny, inona—ao amin'ny pejy inona no misy ny hira fiderana izao-sy-izao?" Fantatr'izy ireo izany. Fantatr'izy ireo hoe iza ilay izy. Fantatr'izy ireo hoe iza no milatsaka ho Filoha, ary iza no milatsaka ho *ity,* ary mpilalao sarimihetsika firy no nivady, *ity* sy *itsy,* ny *hafa.* Fa, ny Tenin'Andriamanitra, tsy mahafantatra na inona na inona izy ireo. Eo ianareo izao. Noho izany dia isika no manome azy ireo ny sol- . . . Ary, kanefa, milaza ho Kristiana izy ireo.

115 Ary tsy ny olona no omena tsiny. Ilay izy dia avy ao ambadik'ilay lampihazo, izay ihavian'izany. Marina tokoa. Ilay izy dia ao ambadik'ilay lampihazo. Mampianatra azy ireo an'ireo karazana bàn-kira rehetra izy ireo, ary ireo karazana rehetra an'*ity* sy *itsy,* ary ireo rafi-pandaminana, ary ahoana no anaovana vondron'ny tanora, sy ny zavatra rehetra tahaka an'izany. Manontany aho raha mitondra tombony izany. Tsy misy na inona na inona manohitra an'izany, saingy manontany aho raha izany no fitakian'Andriamanitra.

116 Nefa, hoy Jesosy hoe, "Raha tsy ateraky ny rano sy ny Fanahy ny olona, dia tsy hiditra ao amin'ny Fanjakana velively izy. Izay ha- . . . hanaraka Ahy, dia aoka izy handà ny tenany, sy ireo fahafinaretany manokana araka an'izao tontolo izao, hitondra ny hazo fijaliany, ary hanaraka Ahy." Ny *hazo fijaliana* dia mari-pamantarana iray an'ny "fahafatesana, fangirifiriana."

"Izay ho Kristiana iray, dia aoka izy hanendaka ny tenany amin'ireo fisainany manokana. Aoka izy hanendaka ny tenany amin'ireo asany manokana. Aoka izy hanendaka ny tenany amin'ny zavatra rehetra, mandà ny tenany, ary mitondra an'io hazo fijaliana nohamasinina io, ka hanaraka Ahy isan'andro. Izay hanaraka Ahy, dia aoka izy hanao an'izany." Izany no nolazain'i Jesosy.

117 Fa, amin'izao andro izao, dia hoy isika hoe, "Ny olona rehetra aoka hanana fotoana goavana. Ny olona rehetra aoka hitehatànana. Ny olona rehetra aoka hihorakoraka hoe, 'Haleloia!' Ny olona rehetra aoka hanao an'*ity*." Oh, toy ny ahoana no ananantsika andiana tabataba iray! Amena. Andriamanitra . . . Mamoaka an'ireo hira vaovao isika ka mihira azy ireny tena haingana, ka toy ny hoe hivoaka handalo amin'ilay rindrina miaraka amin'izy ireny isika, na zavatra tahaka an'izany.

118 Nefa, heveriko, raha nihira isika ny *Akaiky Kokoa, Ry Andriamanitro, Eo Aminao,* dia ho tsaratsara betsaka kokoa ho an'ilay Fiangonana; ireo hira fiderana amin'ny fanao fahiny.

119 Manana olon'ny zava-maneno fampandihizana betsaka, zazalahy iray ao amin'ny zava-maneno fampandihizana nitendry teto, omaly hariva, ary rahariva dia hitendry eto ao amin'ny fiangonan'Andriamanitra velona ve? Fahavetavetana iray eo imason'Andriamanitra izany. Aoka ho zahan-toetra io lehilahy io, aloha, ary aoka izy hitondra voa, mendriky ny fibebahana, mba haneho fa mahitsy amin'Andriamanitra izy.

120 Mampiditra ny jazz-n'izao tontolo izao eo amin'ilay lampihazo izy ireo. Mampiditra ny toriten'i Hollywood, mamirapiratra izy ireo, eo amin'ilay lampihazo mihitsy.

121 Nahoana, tsy nipetraka tao amin'ny tanànanareo tsara tarehy ve aho, herinandro vitsy lasa izay, tany Louisville, Kentucky? Vaky ny foko, rehefa nipetraka tany izy rehetra ireo, naniry ny hahita an'ireo fahagagan'Andriamanitra; nefa vantany vao mitory ny Filazantsara ianareo, dia voky izy ireo, ao anatin'ny iray segondra, ary manatodika ny lamosiny ka mivoaka ny tranobe. Izany tokoa. Tsy ilain'izy ireo Izany. Nohamafisina ny fon'izy ireo. Mivoaka; ary maro amin'izy ireo, ireo Protestanta, ihany koa, izay mandeha mankany amin'ireo fiangonana Protestanta. Saingy izy ireo dia efa feno . . . nofenoina tena feno ny famirapiratana sy ny zavatra rehetra tahaka an'izany, an'ny fahadalana sy ny mikasika ny fiangonana, hany ka tsy mahafantatra na inona na inona mikasika ny Fanahin'Andriamanitra velona izy ireo. "Manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa mandà ny Heriny."

Andro iray toy ny inona no iainantsika. Diniho hoe aiza izany no maka toerana.

122 Hoy i Josafata hoe, "Fantatro, ry Ahaba. Eo ireo mpitory teninao efajato. Lehilahy toa mahafinaritra izy rehetra, ny tsirairay avy amin'izy ireo dia miakanjo ary voabango tsara ny volon'izy ireo, ary ny zavatra rehetra, na mety ho inona koa izy ireo. Mety manana ny D.D.-ny izy ireo. Mety manana ny karazana diplaomany rehetra izy ireo. Mety mahafantatra ny Soratra izy ireo, manomboka amin'ny A hatramin'ny Z. Saingy tsy manana anankiray amboniny ve ianao, any ho any? Tsy misy anankiray amboniny fotsiny ve, any ho any?"

123 Hoy izy hoe, "Eny, misy anankiray amboniny any, saingy halako izy." Eo ianareo izao. Eo ianareo izao. "Halako izy." Tsarovy, Ahaba dia lehilahy mpivavaka iray, ary ireto dia mpampianatra ara-pivavahana, saingy halan'izy ireo ity lehilahy izay nanana ny Fahamarinana ity. Hoy izy, "Halako izy." Hoy izy, "Mitretrena zavatra manohitra ahy foana izy." Ahoana no ahafahany hanakana azy tsy hanao an'izany, nefa efa nanameloka azy ny Tenin'Andriamanitra?

124 Ahoana no ahafahanareo hipetraka tsara raha lehilahin'Andriamanitra iray ianareo, na vehivavin'Andriamanitra iray, ka mahafantatra sy mahita ny fahotana sy ny sisa, misavovona sy mavesatra, ary ny zavatra rehetra tahaka an'izany; ary mahita an'ireo fanahin'olombelona mandeha mankany amin'ny helo; an-tapitrisany isan'andro; nefa mipetraka tsara? Tsy afaka manao an'izany ianareo.

Nilaza tamiko ny olona iray indray andro, nanao hoe, "Mihevitra ve ianao fa afaka mampijanona an'izany?"

125 Hoy aho hoe, "Tsia. Tsy afaka mampijanona an'izany aho, satria Andriamanitra no nilaza. Fa indray andro any, eo amin'ny Hazon'ny Fitsarana, dia hamoaka an'ilay fitaratra fijerena goavana izy ireo, hampandeha an'ilay fakan-tsary any, ary halefa ity horonam-peo ity. Ary hitsangana aho ka hihaino azy; te-handre ny feoko mampitandrina manohitra an'izany aho. Hitsara ahy Andriamanitra rehefa tonga manohitra an'izany ny feoko." Eny, tompoko. Rehefa mahita an'ity fiainana ity isika, ity taranaka ity, alefa indray any amin'ny fitsarana any. Izany tokoa. Miaina ao amin'ny fotoana mahatsiravina iray isika. Ary izay ilay izy.

Ary hitantsika izy manao . . . hoy izy hoe, "Tsy misy anankiray amboniny ve?"

126 Hoy izy hoe, "Eny, saingy halako izy, satria maminany ratsy manohitra ahy foana izy."

127 Ahoana no ahafahany tsy hitory an'ireo zavatra mafy ireo, nefa hitany miseho izany? Mahita an'i Ahaba miaina tahaka ny iainany ary manao tahaka ny ataony, ary mitondra ny olona tahaka ny maha-izy azy ireo.

128 Ahoana no ahafahan'ny lehilahin'Andriamanitra iray, na vehivavin'Andriamanitra iray, tsy hihorakoraka sy hiteny

mafy ny fahotana amin'ny lafiny rehetra? Nefa, mahita an'ireo mpitory teny matimaty ireo izy ireo, sy ireo mpampamirapiratra, sy mpanabe, sy ny sisa tahaka an'izany, mamela ny olona handeha any amin'ny helo, an-tapitrisany, eo ambanin'ny famitahana; maro amin'ny . . . na dia ao amin'ny olon'ny fahamasinana aza. Tsy miresaka be loatra mikasika an'ireo Metodista sy Batista aho, ary ireo zavatra tahaka an'izany; izy ireo dia manana an'izany, ihany koa. Saingy ao amin'ireo laharanareo manokana mihitsy izany.

129 Oadray, tonga eo amin'ny lampihazo, mitovy amin'ny zavatra hafa rehetra afa-tsy ny ho Kristiana, miaina tahaka ny zavatra hafa rehetra, manerana an'ireo firenena sy ny sisa, avy eo izy ireo dia miantso an'izany hoe "fivavahana." Fivavahana iray izany, saingy lavitry ny famonjen'ny Tompo. Marina izany. Mitondra ny olona fotsiny mankao amin'ny andiana taitaitra goavana fotsiny izy ireo. Avy eo vantany vao mandalo ny fahataitairana kely, amin'izay fotoana izay, ny zavatra voalohany fantatrareo, dia tsy afaka mahita ny iray amin'izy ireo ianareo; lasa foana ilay fiangonana. Rahalahy, raha tia an'Andriamanitra ny lehilahy iray, dia hameno ny sezany izy ao amin'ilay fiangonana, isan'andro. Tsy afaka mijanona lavitra an'izany izy. Marina izany.

130 Mariho ankehitriny, minitra vitsy fotsiny. Hiezaka ny handeha haingana aho, handeha avy hatrany eo amin'ilay foto-kevitra ankehitriny, satria miha-mandositra ny fotoako.

Mariho, noho izany dia hoy izy hoe, "Tsy misy anankiray amboniny fotsiny ve?"

131 Hoy izy hoe, "Eny, saingy halako izy. Maminany manohitra ahy foana izy. Milaza zavatra ratsy manohitra ahy izy."

"Eny àry," hoy izy, "mandehana alaivo izy."

Hoy izy hoe, "Mikaia no anarany."

132 Saingy ity lehilahy ity dia nanana fivavahana ampy hahafantarana fa tsy marina ireto lehilahy ireto.

133 Ary ny olona rehetra izay hany efa voakasika, ny kely indrindra, tamin'ny alàlan'ny Fanahin'Andriamanitra, dia mahafantatra fa ireo zavatra ireo, izay antsoina hoe Kristianisma amin'izao andro izao, dia tsy marina. "Tsy afaka tia an'izao tontolo izao ianareo, na ireo zavatr'izao tontolo izao. Raha tia ianareo, dia tsy ao anatinareo ny fitiavana an'Andriamanitra." Ny Baiboly no niteny an'izany.

Jereo ankehitriny. Hoy izy hoe, "Mandehana alaivo izy." Dia nandeha tany izy ireo.

134 Ary tamin'izay fotoana izay dia naniraka iraka antitra iray izy, ilay diakon'ny fiangonana, angamba, na olona iray, nandeha nankany ka nanao hoe, "Jereo ankehitriny, ry Mikaia, hitondra anao eo anatrehan'i Ahaba sy Josafata izahay eto.

Ankehitriny, izy roa dia mipetraka any, ary lehilahy malaza izy ireo ankehitriny. Mpampianatra izy ireo ary mahay. Ary manana ny diplaomany izy ireo, sy ny sisa. Ary ny tsirairay avy amin'ny semineranay, ny tsirairay avy amin'ireo fiangonanay eto, dia ao amin'ny fanekena tanteraka fa izany no sitrapon'ny Tompo. Ankehitriny, milazà ianao an'ilay zavatra iray ihany izay lazain'izy ireo, ary, ho teneniko aminao, hiakanjo tsaratsara kokoa ianao ka handeha ao anatin'ny fiara Cadillac iray. Teneniko aminao, ho lehilahy malaza iray mihitsy ianao raha hanao an'izany. Eny, tompoko. Ho hambinina ianao."

135 Hoy i Mikaia hoe, "Raha velona koa ny Tompo Andriamanitra, dia hilaza fotsiny ihany an'izay lazain'Andriamanitra aho." Amena. Hia. Oh, izany no lehilahy iray araka ny foko. "Mety tsy maintsy hihinana mofo sy rano aho," izay nataony, "amin'ny fanaovana an'izany." Mety voafelaka eo amin'ny takolaka iray sy ilay hafa izy, na inona koa, saingy nilaza ny Fahamarinana izy ary nanohana an'izany. Nanamarina an'izany ho ny Fahamarinana Andriamanitra. Tsy tena nalaza izy, saingy nahafantatra an'Andriamanitra.

136 Nentina teo i Mikaia antitra kely. Hoy izy hoe, "Eny àry, ry Mikaia, inona no lazainao mikasika an'izany?"

137 Hoy izy hoe, "Miakara. Miakara." Hoy izy, "Miakara, am-piadanana. Mandrosoa, aoka hambinina, izany no tiako hataonao. Saingy nahita ny Isiraely tahaka ny ondry aho, tsy nanana mpiandry, teny amin'ny havoana iray, nihahaka. Izay ilay izy," hoy izy.

138 Ary rehefa nanao tahaka an'izany izy; dia nitodika nankany amin'i Josafata i Ahaba, nanao hoe, "Inona no noteneniko taminao? Io holy-roller io . . . " na, inona, mamelà ahy, na, na inona na inona ilay izy; hoy io zalahy io hoe, "Io . . . Inona no noteneniko taminao? Io lehilahy io dia haminany fotsiny ihany ny ratsy—ratsy manohitra ahy. Inona no nolazaiko? 'Hanameloka ny fiangonanay fotsiny ihany izy, sy hanameloka an'ireo mpitoriteninay, ary hanameloka ny fombam-pivavahanay.' Inona no noteneniko taminao? Hilaza an'izany izy. Fantatro izy. Fantatro ny dadany teo alohany." Amena. [Mitehaka ny tànany miaraka Rahalahy Branham—Mpand.] "Fantatro ny dadany teo alohany." Ah-hah, eny, tompoko, tena lehilahin'Andriamanitra iray. Hoy izy, "Fantatro fa hilaza an'izany izy."

139 Ary noho izany dia hoy izy hoe, "Eny," hoy izy, "nahita ny Isiraely tahaka ny ondry aho, nihahaka, tsy nanana mpiandry, teny amin'ny havoana iray." Ary noho izany dia hoy izy hoe, "Izaho n- . . . "

140 Ary tamin'izay fotoana izay ny iray tamin'ireo lehilahy izay nanana tandroka goavana, dia nanositosika. Nanatona ny mpitory teny iray ka nitaritarika an'i Mikaia kely, ary namelaka azy teo amin'ny vava mafy arak'izay vitany, nanao

hoe, "Làlana aiza no nalehan'ny Fanahin'Andriamanitra rehefa nivoaka tamiko Izy? Raha fantatrao."

141 Hoy izy, hoy izy hoe, "Miandrasa mandra-pipetrakao ao antranomaizina eto, dia ho fantatrao hoe làlana aiza no Nalehany." Marina izany.

142 Miandrasa mandra-pipetrak'i Rosia eto, hifehy ny firenena sy ireo zavatra tahaka an'izany, ary ity firenena ity, nohon'ny fiverenan-dàlany, dia ho hitanareo izay marina sy diso. Marina izany. Ho hitanareo na hisy tombony ny fivavahanareo matimaty, na tsia.

143 Aoka ho tonga amin-dranomaso ity firenena ity, tsy tonga ho amin'ny mpampihomehy sy tantara an-tsehatra. Aoka handohalika ity firenena ity, amin'ny fibebahana. Izany no ilaintsika. Tsy fifohazana iray hahazoana olona betsaka ao amin'ny fiangonana. Mila manidy ny fivarotan-toaka rehetra isika, mampijanona ny fifohana sigara rehetra, mandrodana an'ireo orinasa. Manomboka tena asam-pitoriana iray, amin'ny fanao fahiny, an'ny Fanahy Masina; izay misy an'ireo lehilahy sy vehivavy, andro aman'alina, lavo amin'ny tarehiny, mitomany. Ho teneniko aminareo, izany no ho fialofana lehibe indrindra izay hany ananan'ity firenena ity. Marina izany.

144 Aoka hanajanona ny fahadalany ity Branham Tabernacle ity. Aoka izy hiverina eto amin'ny alitara eto ka hahitsy amin'Andriamanitra. Handamina miaraka amin'ireo mpiara-monina, sy ny sisa tahaka an'izany, ary hahitsy amin'Andriamanitra. Tsy hanana fifamaliana sy izay miseho intsony ianareo; ho toeram-pisintonana an'izao tontolo izao izany. Marina izany. Ankehitriny, izany no fahamarinana.

145 Tamin'izay fotoana izay dia hoy izy hoe, "Làlana aiza no nivoahan'ny Fanahin'Andriamanitra tamiko?"

146 Dia hoy i Mikaia hoe, "Nahita an'Andriamanitra aho, sy ny Tafiny, ny Mpanolo-tsainy, nipetraka tao amin'ny Voninahitra."

147 Fantatrareo, manana mpanolo-tsaina iray Andriamanitra Any ambony any, matetitetika. Izy, Izy dia mitondra an'Ireo—Ireo Vatan'Anjeliny ary manao fi—fivoriana iray, matetitetika, any An-danitra ambony any.

148 Ary hoy izy hoe, "Nahita Azy nipetraka teo ambonin'ny Seza fiandrianana iray aho, ary ny olona rehetra dia nitsangana teo Ankavanany sy ankaviany." Ary hoy izy, "Niady hevitra izy ireo hoe, 'Iza no azontsika alefa midina ka hamitaka an'i Ahaba, mba hanao azy hivoaka eo ka hahatanteraka ny faminanian'i Elia? Andriamanitra dia efa niteny an'izany, izay hitranga, noho izany dia ho hitantsika fotsiny hoe iza no afaka handeha hidina.'

149 "Dia niakatra avy tany ambany ny fanahy mandainga iray," mazava ho azy, avy tany amin'ny helo, "tonga teo anatrehan'Andriamanitra ka nanao hoe, 'Izaho no hidina, ary

hiditra ao anatin'ireo mpitory teny ireo aho ka hanao azy rehetra haminany lainga.'" Oh, nanapoaka azy ireo izany. Nanao azy ireo hahatsapa hafahafa izany, rehefa, "Hoy izy ireo hoe, 'Izaho no hidina ary hanao an'ireo mpitory teny ireo, ny tsirairay avy amin'izy ireo, haminany lainga.'" Dia nidina izy ary niditra tao anatin'ireo mpitory teny ireo, ka nanomboka naminany lainga izy ireo.

150 Ary, rahalahy, ilay Andriamanitra iray ihany no manjaka eo amin'ilay Seza fiandrianana iray ihany androany. Ary io fanahy mandainga iray io ihany no nanao an'ilay zavatra iray ihany androany, maminany lainga.

151 Nanohy nilaza izy ireo hoe, "Fiadanana, fiadanana, fiadanana," taorian'ny Ady Lehibe Voalohany.

152 Mamelà ahy haneho aminareo hoe avy taiza izany. Tamin'ny Ady Lehibe Voalohany, rehefa i Frantsa, tany, no nihodina nanalavitra an'Andriamanitra, tao amin'ny Gay Nineties-ny, ka nanomboka . . .

153 Ankehitriny dia hiresaka kely mikasika ny fitondrantena aho, noho izany dia mipetraha tsara fotsiny ianareo rehetra mandritry ny minitra vitsy.

154 Jereo, tany aoriana tany, tamin'ny voalohany, tany Frantsa, tany no nanomboka voalohany ny faharatsian-toetra sy fahalotoana. Raha mba nisy lava-boalavo iray teto amin'izao tontolo izao, dia i Paris izany, Frantsa. Ary saiky tena nitety ny ankamaroan'izany aho, ary izany no toerana ratsy indrindra izay hany hitako. Ary Londres, Angletera dia tsy afaka amin'izany. Ary miditra avy hatrany ao amin'ny laharana miaraka amin'izany i Etazonia. Marina izany. Eo izy ireo izao.

155 Isaky ny manimba ny fitondrantenan'ny maha-vehivavy ianareo, dia manimba ny taolan-damosin'ny firenena.

156 Mandeha mankany ianareo, ao amin'ireo fireneny manokana, ka milaza fa misionera iray ianareo, tsy tian'izy ireo . . . Hoy izy ireo, "Inona no ho teneninao hataonay, ahoana no hihirana hira maloto mikasika an'ireo vadinay, na mikasika an'ireo zazavavinay? Hiteny aminay ve ianao hoe ahoana no hisarahana amin'ny vadinay? Hampianatra anay ve hoe ahoana no hisotroana whisky sy handeha amin'ny làlana izay andehananay?" Izany isika.

157 Miantso ny tenantsika ho firenena mpivavaka isika, ilay firenena Kristiana. Eny, ireo "mpanompo sampy" any Afrika dia afaka hampianatra antsika an'ireo fitondrantena, ahoana no hiainana. Ilay toerana lò indrindra, eto Etazonia, na, izao tontolo izao, saiky, dia ity firenena ity, toy ny ahoana izy. Amerikana iray aho, izany tokoa. Saingy, rahalahy, tsy misy azoko atao, rehefa eo anatrehan'i Ahaba na Josafata . . . Ary tsy maintsy miteny an'izay lazain'Andriamanitra ho ny Fahamarinana aho. Izany no ilain'ny fiangonana ho tohanana,

androany. Raha eo anelanelan'ny firenena sy Andriamanitra ilay izy, dia Andriamanitra no izy, isan'andro. Eny, tompoko.

158 Mariho, any Frantsa, nanomboka ny fahalòvany rehetra izy ireo, ary manohy amin'ny fomba izay niainan'izy ireo tany. Ary tamin'izany fotoana izany dia naniraka an'i Alemaina hankany amin'izy ireo Andriamanitra, mba hikapoka kely azy ireo. Avy eo dia nandeha tany isika mba hiaro ny ain'izy ireo. Ary vantany vao nanao an'izany isika, ary nandresy tamin'ilay ady, namerina an'ireo Alemandy, nanao filaminana tamin'i Frantsa, dia niverina tamin'Andriamanitra ve izy ireo? Tsia, tompoko. Ireo vehivavy, divay, fihoaram-pefy, fahotana sy fahalotoana hatrany am-poto-tsofina.

159 Avy eo dia inona no nataon'izy ireo? Inona no nitranga? Tany no nanombohany. Nametraka ny foibeny tany ny devoly. Tany no nanombohany, tany mihitsy, mba hamotika ny fitondrantenan'izao tontolo izao, nanomboka tany Paris, Frantsa.

160 Avy eo, raha mahamarika ianareo, tsy afaka niditra teto tamin'ny alàlan'ny asam-panompoana izy, noho izany ny zavatra nataony dia niditra tao Hollywood teto. Izy no nametraka ny Holl-. . . Nametraka ny foibeny teto izy tao Hollywood. Nidina nipetraka teto ny devoly, taona vitsy lasa izay, dimy ambin'ny folo na roapolo taona lasa izay, niaraka tamin'ny tafiny lehibe, ary nandeha, nipetraka tao Hollywood, California. Ary nanafika an'i Etazonia niaraka tamin'ireo herin-demoniny izy. Marina. Ireo lamaodintsika rehetra dia avy any Paris. Miditra ao Hollywood izy ireo, eo amin'ireo fitara-tsary. Ireo zazavavy kely sy zazalahy kely, sy ny sisa, dia mivoaka eto, mijery an'ireo fampisehoana amin'ny fitara-tsary ireo izy ireo.

161 Ankizy kely mahafinaritra, zaza kely mahafinaritra, tsy misy na inona na inona manohitra azy ireo. Andriamanitra anie hitahy ny fo kelin'izy ireo. Mivoa-drà ho azy ireo ny foko.

162 Ary teto amin'ny tanàna teto mihitsy, niresaka aho tamin'ny. . . iray amin'ny. . . ny zanakolahy, indray andro. Hoy izy hoe, "Dada, raha nisy zazalahy vitsivitsy fotsiny nanodidina teto, teto an-tanàn-dehibe, izay nanana ny Fanahy Masina," sy ny sisa. Manontany ianareo hoe nahoana aho no lasa nandeha tany Denver, Colorado, na tany ho any tahaka an'izany? Nitondra an'ireo zanako tany ho any aho izay misy andian'olona izay miantsoantso an'Andriamanitra; izany no ilaintsika, rahalahy.

163 Ity faritra ity, ity firenena ity, ity tanàna ity, ity toerana ity, dia lasa tena nidina ambany hany ka mampalahelo ilay izy. Raha afaka maneho fotsiny mihitsy mantsy aho ankehitriny an'izay tena fantatro marina tokoa ho ny fahamarinana eto mihitsy, ilay izy aza dia tsy azo aseho akory eo anatrehan'ny mpanatrika mifangaro anankiray. Na, eto mihitsy ao amin'ity

tanàna manokana eto ity mihitsy; tsy eto ihany, fa ireo toerana hafa, hatraiza hatraiza, ilay izy dia manomboka lasa fotsiny . . .

164 Satria nahoana? Ilay vahoaka . . . Jereo, ry sakaiza, lasa tena fetsy ilay izy. Miditra tena mora ilay izy, hany ka manempotra fotsiny anareo ao anaty izany. Tao anatin'ireo lamaody ny devoly fahiny. Mety tsy niala tamin'ireo lamaody izy, saingy tsy niala tamin'ny raharahany izy, ho teneniko aminareo izany. Mbola ao amin'ny raharahany foana izy.

165 Jereo, amin'izao andro izao. Alaintsika, tahaka ny nolazaiko vao teo, mikasika an'ilay ramatoa kely, zazavavy antitra kely niaraka tamin'ny raozy iray. Ohatra, ilay raozy, tsara tarehy ilay izy; eo izy mba ho jerena, marina izany. Ary tahaka an'izany mihitsy ny fiangonana, eo izy mba ho jerena. Tahaka ny vehivavy kely tsara tarehy iray, eo izy mba ho jerena. Marina izany. Saingy raha izy . . . Mahafinaritra izy, izany hoe, ho an'ny vadiny izy, izy—mety tsara izy. Saingy raha tsy manana sabatry ny fitondrantena miraikitra eo mba hiaro azy izy, dia lasa fahafaham-baraka iray ho an'ny fiaraha-monina sy ny olombelona; lasa tena ambany sy mahamenatra ary lò hany ka tsy hijery azy akory aza ireo alika. Marina izany.

166 Ary mitovy amin'izany ilay Fiangonan'Andriamanitra velona. Mandeha eto izy ireo ary miezaka ny hamirapiratra sy manamboatra ny tenany, ary mihetsika tahaka . . . Aboridan'izy ireo ny vehivaviny eto, mihitsy . . . nefa ny olona dia tsy mahalala fa ireo devoly ireo no manafika ny tokantranony.

167 Teo amin'ny mpiara-monina amiko mihitsy indray andro, ramatoa tanora iray izay heveriko fa vehivavy iray mahafinaritra . . . Ary vehivavy manambady izy, manana zanaka iray. Ary nivoaka teo ilay vehivavy kely. Ny i- . . . tonga teo amin'ny làlana ny lehilahy iray mba hanao asa iray, ary nivoaka teo ity ramatoa kely ity nanao an'ireo akanjo kely bitika, nahatsiravina izany.

168 Fiteny mahatsiravina iray ho an'ny Fetin'ny Reny izao. Saingy, ry rahalahiko, mamelà ahy hiteny zavatra iray aminareo. Ry reny, miverena mba ho reny indray!

169 Na dia ho an'ny zazalahy kely bitika izay namangy ny mpiara-monina aminay aza, dia tonga ka niteny taminay mikasika an'izany hoe, "Jereo io ivelany io."

Hoy aho hoe, "Eny, tsinontsinona io."

170 Ilay vehivavy dia vehivavy iray mahafinaritra. Tsy milaza aho hoe midina ambany izy. Fa, ilay zavatra amin'ilay izy, dia misy fanahy ratsy, maloto iray eo aminy, manao azy hanao an'izany, nefa tsy fantany izany.

171 Inona marina no itiavan'ny reny iray eto amin'izao tontolo izao, na olona iray, hanao an'ireo akanjo kely ratsy maloto ireo, ary maninjitra ny tenany eo anatrehan'ny lehilahy? Tsara

tarehy ianareo, ranabavy. Tsara tarehy ianareo, ry reny. Misaotra an'Andriamanitra aho ny aminareo. Saingy, tsara tarehy ianareo, saingy raha tsy manana ny Fanahy Masina ianareo eo mba hiaro an'ireo fitondrantena ireo, dia ho tsaratsara kokoa ho anareo ny ho tena ratsy tarehy ka tsy hisy olona hijery anareo, nefa lasa any An-danitra. Marina izany. Marina izany. Tandremo izay ataonareo; ireo fitondrantena ireo.

172 Ankehitriny, inona izany, ny devoly no niditra ka niteny tamin'ny olona an'ireo zavatra ireo. Niditra tao amin'ireo mpitory teny izy; naka modely tamin'ny Hollywood izy. Ireo zazavavy sy ireo ramatoa tanora, maka modely amin'ny Hollywood izy ireo. Ny tsara indrindra amin'ireo zavatra izay ananan'izy ireo ao amin'ny firenena amin'izao andro izao, ny fitondrantena ratsy indrindra izay azonareo renesina, dia ny firesahana; firesahana ao amin'ny radio daholo.

173 Ramatoa antitra iray tahaka an-dRtoa. Kay Starr, tsy misy na inona na inona manohitra azy; saingy ny mahita vehivavy antitra iray, dimampolo taona, sy ny rehetra, miaraka amin'ireo akanjony tsy antonona azy tanteraka, toy ny hoe natsofoka tao anatin'ny gonin-koba iray izy. Tsy milaza an'izany ho vazivazy iray aho, satria miresaka manohitra an'ireo zavatra ireo. Fa ny vehivavy iray mihetsika tahaka an'izany, ary mitsangana ka ho ohatra iray ho an'ireo vehivavy tanora Amerikana, dia fahafaham-baraka iray ho an'ny firenentsika izany. [Mandondòna indimy ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Ny devoly izany.

174 Ireo zalahy tahaka an'i Arthur Godfrey sy izy ireo mandehandeha eto, manao an'ireo zavatra izay ataon'izy ireo, ary ireo lehilahy malaza indrindra eto amin'ny firenena tahaka an'izany, ary, nahoana, henatra iray izany.

175 Haleloia! Milaza an'izany aho satria tsapako fa eto ny Fanahy Masina. Mandeha ilay fanafihana, mihitatra mihitsy mitety trano, mitety toerana, mitety fiangonana, mitety olona.

176 Rankizy, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy, mitsangàna amin'ireo fijoroana ara-pitondrantenan'ny fifohazana sy Jesosy Kristy Tompo, ka manaova hoe, "Handray ny làlana miaraka amin'ireo vitsin'ny Tompo nohamavoina aho." Eny, tompoko. "Ho tena reny iray aho." "Ho tena dada iray aho."

> Rehefa izao tontolo rehetra izao, sy ny manodidina rehetra, ny manodidina ny fanahiko rehetra no mirodana,
> Amin'izay fotoana izay dia Izy no fanantenako rehetra sy tohako.
>
> Satria eo amin'i Kristy, ilay Vatolampy mafy, no ijoroako;
> Ny tany hafa rehetra dia fasika miletsy,
> Ny tany hafa rehetra . . .

177 Inona no nahatonga an'io karazan-javatra rehetra io? Inona no nahatonga an'ireo mpitoriteny hihetsika tahaka an'io? Inona no manao an'ireo mpitory teny haminany an'io lainga io amin'ny olona?

178 Nahoana ilay izy no, taona maro lasa izay, hoe ianareo olona Metodista . . . Rehefa nentina teo amin'ny polipitrany i John Smith antitra, mba hitory ny Filazantsara, ka nitory toriteny fohy adiny efatra izy. Dia hoy izy hoe, "Ny olana amin'ilay izy dia, hoe vaky ny foko." Hoy izy hoe, "Ireo zanakavavy Metodista dia manao peratra mihitsy aza eo amin'ny rantsan-tànany."

179 Ary, amin'izao andro izao, dia miankanjo ao anatin'ny sorta sy akanjo maloto ratsy kely izy ireo. Ary hitanjaka tanteraka tokoa izy ireo, ao anatin'ny dimy taona iray hafa, raha tsy misy zavatra vita. [Mandondòna intelo ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Inona no nitranga taminareo mpitory teny Metodista, ianareo Campbellites, ianareo Batista? Eny, tompoko. Ny devoly izany, izay nampidina ny heriny, ary nametraka an'ireo devoly keliny eto.

180 Nefa tsy fantatrareo izany, ianareo mifoka sigara, ianareo vehivavy, ary manao tahaka ny ataonareo eo, sy misotro ary manao hadalana tahaka ny ataonareo. Tsy fantatrareo fa manapoizina ny toe-batanareo ianareo, ary manimba an'ireo taranaka manontolo izay hanaraka anareo, raha misy ny zavatra tahaka an'izany. Anjara dimy amby valopolo isan-jato mihoatra hahazoana homamiadana, amin'ny fifohana sigara, nefa minia miditra ao anatin'izany mihitsy ianareo. Ary manohana an'izany ireo fiangonana.

181 Tao amin'ny fiangonana Batista iray malaza, teto mihitsy, vao tsy ela . . . Mamely ny Batista aho. Manana zò amin'izany aho; somary mirona eo amin'ilay lafiny izay nihaviako izy ireo. Fa rehefa tsy maintsy hanome fiatoana eo anelanelan'ny sekoly Alahady sy ny fotoan'ny toriteny izy ireo, mba ahafahan'ilay pasitera sy ny rehetra hivoaka ka hanao fifohana, ka ny làlambe dia ilaharan'ireo lehilahy sy vehivavy mifoka sigara. Ny devoly no nanao an'izany. Marina izany.

182 Avy eo, ato amin'ny tanànantsika manokana, iray amin'ireo mpitoritenintsika malaza indrindra, eto New Albany mihitsy, tany amin'io saha filalaovana io, ilay anankiray amin'ireo mpitoritenintsika malaza indrindra dia nitarika fandaharana dihy efajoro iray, mba hitondrana an'ireo lehilahy sy vehivavy teo amin'ny lampihazo.

183 Tsy ahoako izay lazain'izao tontolo izao, tsy ahoako hoe ahoana no ezahanareo hihodinana amin'izany; rahalahy, tsy misy lehilahy tena salama tsara hisintona vadin'ny lehilahy hafa iray, ka hahatsapa ho tsy miova. Fantatrareo fa izany no fahamarinana.

184 Nalainy ireo vehivavintsika, ka naboridany izy ireo; any anatin'ireo birao, sy eo am-pamiliana taxi, ary mandroso sy miverina eo amin'ny làlambe. Nefa, tokony ho any an-trano izy ireo, aorian'ny fatana, mahandro, ary mikarakara an'ireo sakafo hariva.

185 Inona izany? Ny devoly izany. Mandeha ilay fanafihana. Tsy milaza na inona na inona mikasika an'*ity* isam-batan'olona ity aho na *itsy* isam-batan'olona itsy. Milaza aho fa ireo fanahy maloto no mahazo ny olona, mitarika azy ireo ao anatin'izany avy hatrany. Ny fanafihana an'i Etazonia.

186 Ny fionganan'ny fiangonana. Naongan'ny devoly ny fiangonana. Tany aoriana tany . . .

187 Maka zazalahy iray izy ireo ankehitriny, rehefa tonga ao amin'ny seminera iray izy, ny zavatra voalohany tsy maintsy ianarany dia ny mahazo an'ireo diplaomany. Tsy maintsy mandray fianarana momba ny saina izy. Tsy maintsy mandray teolojia izy. Tsy maintsy mampianatra izy, manana an'ireo karazan-javatra rehetra nampianarina ao aminy. Raha tsy manana fianarana iray tena tsara izy, raha tsy manan-tsaina sy mamiratra arak'izay maha-izy azy, amin'izay fotoana izay dia roahin'izy ireo izy; tsy afaka hanam-pahaizana izy. Inona no tsy maintsy ataony? Mandeha eto ary manolotra kabary politika kely iray, araka ny maha-izy azy, kabary politikam-piangonana iray, amin'ny vondron'olona iray, andian-dehilahy sy vehivavy eo am-pahafatesana.

188 O Andriamanitra, andefaso fanao fahiny iray izahay, lehilahy sassafras izay tsy mahafantatra ny A amin'ny B, izay mahafantatra ny herin'ny fitsanganan'i Jesosy Kristy Tompo, izay hitory ny fibebahana, ka handefa lehilahy sy vehivavy eo amin'ny alitara, mba ho tia ny Tompo Jesosy. [Elanelana tsy voaraki-peo—Mpand.]

189 Fahafaham-baraka iray izany. Nanafika an'ireo seminera izy. Nanafika an'ireo fiangonana izy. Naboridany ireo vehivavintsika. Nentiny ireo lehilahintsika ho eo amin'ny toerana iray izay tsy ahafahanareo hiteny na inona na inona amin'izy ireo. Ary ireo lehilahy sy vehivavy, heveriko . . .

190 Hoy ianareo hoe, "Eny, ireo vehivavy." Eny, ary ianareo lehilahy izay mamela ny vadinareo hanao an'izany, izany no maneho hoe vita tamin'ny inona ianareo. Tena marina tokoa izany. Izany tokoa. Henatra iray izany. Mampalahelo izany.

191 Ary avy eo dia tonga eo amin'ilay mpitory teny. Mitsangana eo amin'ny lampihazo ilay mpitory teny, amin'izao andro izao, polipitra moderina iray. Mitsangana eo, miaraka amin'ireo olony eo anoloany, ka mitory mikasika ny zavatra kely rehetra eto amin'izao tontolo izao afa-tsy ny fibebahana sy ny fahotana, ary ilay hazo fijaliana mafy an'i Kristy. Eny.

192 Rehefa mametraka an'ireo zava-misy ianareo; dia ho tonga hihaino anareo ny olona, ao amin'ny fivoriana evanjelistika iray. Manandrana mikasika an'ilay zavatra ianareo ary mitory ny Filazantsara, ary mitondra ny olona hibebaka sy manao azy ireo hahitsy. Hitsangana izy ireo ka hivoaka, izy ireo, "Dia tsy voatery hihaino an'Izany." Tsia, tsy voatery izy ireo. Saingy, rahalahy, tsy maintsy hibebaka izy ireo raha tsy izany dia ho levona.

193 Ireo demony! Mandeha any an-tsekoly ianareo; manafika an'ireo sekoly ilay izy. Mijere manodidina, manerana ny firenena androany. Jereo eto, ianareo olona, ianareo Protestanta. Jereo, misy sekoly Katolika efatra goavana be sy ny sisa, voaorina androany. Nahoana izany? Navelanareo hilatsaka ireo fefy.

194 Tsy misy na inona na inona hanoherana ny Katolisisma, na dia tsy mino an'izany aza aho. Protestanta iringiriny aho. Tena marina tokoa izany. Azoko porofoina fa izy ireo dia tsy . . . Tsy afaka miady hevitra amin'izy ireo ianareo. Hoy izy ireo hoe, "Tsy ahoanay izay lazain'ny Baiboly. Izay lazain'ny fiangonana no fantatray."

195 Andriamanitra dia ao amin'Ny Teniny. [Mandondòna indimy ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Eo no misy an'Andriamanitra.

196 Saingy ny sasany amin'ireo Katolika, izay miraikitra amin'ny fiangonany, dia hanao anareo ho menatra ny tenanareo, amin'ny maha-Protestanta iray. Raha hiraikitra amin'ny Baiboly fotsiny mantsy ianareo, tahaka ny iraiketan'izy ireo amin'ny fiangonany. Marina. Saingy, diso izy ireo. Afaka milaza an'izany eo ambanin'ny fahefan'Andriamanitra Tsitoha aho, hoe, diso izy ireo. Tanteraka tokoa.

197 Ary diso ianareo Protestanta, ny fomba izay ataonareo, satria mahafantatra tsaratsara kokoa marina tokoa ianareo, nefa manao an'izany. Izany no manao anareo ho mpihatsaravelatsihy iray. Azo antoka, ilay fanafihana izany; mamela hilatsaka ireo fiangonana. Ary ankehitriny raha tokony ho . . .

198 Ny fiangonana, miezaka manao ny fiangonana ho tsara tarehy, manorina fiangonana iray goavana kokoa, mametraka tendron-tilikambo goavana eo amboniny, orga goavana be, ary manao ny zavatra rehetra hiezaka ny hanao modely mitovy amin'ilay fiangonana Katolika. [Mandondòna imbetsaka ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Tsy te-hanao modely mitovy amin'ilay fiangonana Katolika ianareo, raha voaheloka handeha any amin'ny fandravàna izy. Satria, izany ny HOY NY TOMPO HOE, voaheloka handeha any amin'ny fandravàna izy. Ary raha manao azy ho modely ianareo, dia handeha hiaraka aminy.

199 Fa ny ilaintsika amin'izao andro izao (dia tsy fiangonana goavana iray, tendron-tilikambo goavana iray) fa alitara

amin'ny fanao fahiny izay misy an'ireo fahotana levona, eo ambanin'ireo vavaka voatokana avy amin'ny lehilahy sy vehivavy izay tia an'i Jesosy Kristy Tompo. Fantatrareo izany. Izany no ilaintsika. Henoy aho, ry sakaiza. Henoy aho. Izany no fitiavana.

200 Lasa ny fotoako. Tiako fotsiny ny haharitra eo amin'izany, izay, izao fotsiny, halaiko izany, aoriana kely fotsiny, io fanafihana io, hatraiza no nandehanany. Nanafika izany. Nanafika an'ireo firenentsika izany. Nanafika an'i Etazonia izany.

201 Tsarovy ankehitriny, tsy nanao fandatsaham-bato iray mihitsy aho teo amin'ny fiainako; hitanareo, ankehitriny, tsy misy na inona na inona ho dokafana izany; fizokiako amin'ny maha-Amerikana izany raha tiako ny hanao an'izany. Saingy mieritreritra betsaka an'ireo sakaizako aho, mba hampiditra azy ireo ao. Jereo, efa nahita azy ireo niditra tahaka ny lehilahy tsara aho, nivoaka tahaka ny mpisoloky, ary tsy tiako izany.

202 Zavatra anankiray no ananako. Eto aho mba hanorina lampihazo iray ho an'ny Olona anankiray Izay Kandidà, ary Jesosy Kristy izany, ary Izy irery. Omeko Azy ny fotoako. Marina izany. Ary raha afaka manao ny fiangonana hahitsy aho, dia hikarakara ny tenany ny sisa amin'izao tontolo izao. Marina izany.

203 Fa mamelà ahy hiteny aminareo, rehefa Atoa. Roosevelt . . . Maty ilay lehilahy. Hitsahatra anie izy; matoky aho fa mitsahatra izy. Niditra, ary nilatsaka intelo na in-efatra, sy nifehy, sava-ranonando iray fotsiny an'ny didy jadona. Afaka manaporofo aminareo aho, an'izany ao amin'ny Soratra, izay nilazan'Izany fa hiseho ilay izy. Marina izany. Tsy manana lalàm-panorenana intsony isika. Rava potipotika izy. Nohamaivanina avokoa ny zavatra rehetra. Ny Repoblikana dia ratsy fotsiny. Ilay izy dia enina amin'ny anankiray, ary antsasaky ny roa ambin'ny folo amin'ilay iray hafa.

204 Satria, ho torotoro ny fanjakana rehetra, fa ny Fanjakan'i Jesosy Kristy no haharitra sy hanjaka mandrakizay. Marina izany. Eo ambonin'ny . . . Nahita an'ilay Vato voaendaka avy teo amin'ny tendrombohitra i Daniela, ary namely an'izao tontolo izao ara-politika tany ka nanorotoro azy ho vovoka voatoto tahaka an'izany, tahaka ny vary eo am-pamoloana amin'ny fahavaratra. Fa nitombo ho tendrombohitra lehibe iray io Vato io izay nihitatra nanerana ny lan- . . . nameno ny lanitra sy ny tany manontolo. Izay ilay izy.

205 Vita ny amin'izao tontolo izao ara-politika. Potika ny firenentsika. Tsarovy izany, hoe Rahalahy Branham no nilaza an'izany, HOY NY TOMPO HOE. Rava ny firenentsika. Tsy hitsangana intsony izy. Vita ny aminy, tahaka ny sisa rehetra amin'ny firenena. Izy no firenena malaza indrindra eto amin'izao

tontolo izao, izay maharitra androany, saingy ilay tena voan'ny devoly no nambolena tao am-pon'ny olona; ahoana fa niditra tao Hollywood izy, ahoana fa niditra tao amin'ny olona izy, ary nanomboka teo amin'*ity*. Ary tsy afaka miteny na inona na inona amin'izy ireo ianareo.

206 Mifidiana Filoha iray eo izay hanandrana hamarana ny whisky, ankehitriny ary hanao fandraràna, dia jereo izay hitranga. Ho voatifitra izy, adiny roa aorian'ny nidirany tao. Azo antoka, tsy afaka hahatanty an'izany izy; manohitra azy izao tontolo rehetra izao. Eny, tompoko. Tsy afaka hanao an'izany ianareo.

207 Vita ny aminy. Voatafika izy, ary ny fanahin'ny kominisma no nifehy.

208 Mandehana any amin'ireo sekolintsika androany, jereo ireo zanatsika any an-tsekoly. Ireo zanatsika kely izay mandeha any an-tsekoly, tokony ho fantatrareo fotsiny izay miseho. Ireo zazavavy kely any an-tsekoly eto, ary ireo zavatra tahaka an'izany, eo amin'ny efatra ambin'ny folo sy dimy ambin'ny folo taona, nandefa azy ireo any an-tsekoly ny maman'izy ireo, simba ara-pitondrantena, ara-tsaina, demonin'ny fampatoriana, zava-mahadomelina, mpifoka sigara, ny zavatra hafa rehetra tahaka an'izany; eo amin'ny taona bitika kely, ireo ankizy kely tahaka an'izany. Ho tena sarotra ny hahita virijiny iray eo anivon'ny sasany amin'izy ireo tahaka ny hahasarotra ny hahitana fanjaitra iray ao anatin'ny antontam-bilona iray, rehefa mitondra bodofotsy izy ireo miaraka amin'ireo zazalahy, ka mihinjitra eo amin'ny moron'ireo renirano sy any an-kafa hatraiza hatraiza.

209 Ary afaka manaporofo an'izany aminareo aho, ry sakaiza. [Mandondòna intelo ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Tsy ho nilaza an'izany eo amin'ny polipitra aho raha tsy fantatro izay resahako. Ny amin'ireo sekoly eto mihitsy ao amin'ireo—ireo kantaontsika, ato amin'ireto kantao ireto mihitsy, ny amin'ireo ramatoa kely miakanjo, tsy mahafantatra . . . miteny amin'ireo reniny fa handeha any amin'ny toerana samihafa izy ireo, ary mihaona amin'ireo zazalahy sy mivarotena eny amin'ireo làlamben'i Louisville mihitsy aza (Inona izany?), nefa mihira ao amin'ireo antoko mpihira.

210 Satria, manana Filazantsara sosialy kely ratsy mitsangana eo izy ireo, izay misy an'ireo mpitory teny mitsangana sy miresaka mikasika an'ireo zavatra kely tsara tarehy, sy ireo tantara kelin'ny Baiboly, na zavatra tahaka an'izany, raha tokony hitory ny fibebahana sy mitondra an'ireo lehilahy sy vehivavy eo amin'ny alitara.

211 Miditra ny dadany amin'ny hariva ary mandrehitra ny sigarany, maka veran-dabiera iray, ary mipetraka ka misotro an'izany. Any ivelany ny reny, mandritry ny andro, miaraka

amin'ny andiam-behivavy ao amin'ny fetin-karatra iray, sosialy iray tahaka an'izany. Ahoana no ahafahanareo hanantena an'ilay ankizy ho zavatra hafa iray?

212 Jereo, izay tontolo iainana iainanareo, dia izany no maha-izy anareo.

213 Alaivo ny zazavavy kely bitika iray, zazalahy kely bitika iray, apetraho eo izy ireo, avelao izy ireo hipetraka miaraka amin'ny olona iray. Alaivo ny lehilahy iray, afaka maka ny zanakolahy aho, mamela azy any ivelany mandritry ny iray andro miaraka amin'ny olona iray; avelao aho hiditra, afaka miteny aminareo foana aho hoe iza no niarahany. Izany tokoa. Diniho, io tontolo iainana io, io fanahy io no misambotra azy.

214 Midira ao amin'ny fiangonana iray, izay misy ny olona rehetra . . . midira ao amin'ireo fiangonan'ny Fanahy Masina, na—na ireo fiangonana Pentekotista, izy ireo no miantso an'izany. Aoka ny olona rehetra ho . . . Oh, mihazakazaka izy ireo ary manetsiketsika ny lohany aoriana sy aloha, ilay pasitera no manetsiketsika; diniho ilay fiangonana manontolo manomboka manao an'ilay zavatra iray ihany. Avelao ireo lehilahy, ireo olona, hitsangana ka—ka hanao hadalana mahatsiravina fotsiny, na zavatra iray hafa; diniho ilay zavatra manontolo fa manao an'izany. Midira ao amin'ny toerana iray izay misy an'ilay pasitera tena madity sy mangatsiaka; diniho ilay vondrona manontolo fa manao an'izany. Miditra ao amin'io tontolo iainana io ianareo.

215 Alaivo ny lehilahy iray izay lehilahy tsara fitondrantena, ka avelao izy hanambady vehivavy ratsy kely iray izay tsy ampahafolon'ny iray dolara ny teti-bidiny; tsy ho ela dia tsy ampahafolon'ny iray dolara koa ny teti-bidiny. Izany no nitranga tamin'i Ahaba. Alaivo ilay zavatra iray ihany, mifamadika, avelao ny vehivavy kely iray mahafinaritra hanambady lehilahy ratsy iray izay tsy ampahafolon'ny iray dolara ny teti-bidiny; ny zavatra voalohany fantatrareo, dia manao an'ilay zavatra iray ihany tahaka azy izy.

216 Toy ny ahoana no ahafahako handeha, izao maraina izao, ka hanondro ny tànako eo amin'ireo tokantrano kely rava sy ireo zavatra tahaka an'izany, izay misy an'ireo reny kely maha-teho tia mikambana amin'ny dada mamolava iray, sy ireo zavatra tahaka an'izany, ary nihevitra izy ireo fa afaka nanao zavatra taminy, nefa ankehitriny dia ilay reny manontolo sy izy rehetra ireo dia misotro sy manohy. Izany dia ilay tontolo iainana.

217 Inona izany? Ny devoly izany. Ny devoly izany, ilay fanafihana. Nitsofoka tato amin'ity firenena ity izy, tahaka ny liona mierona iray. Nametraka ny tenany teto izy tao amin'ny toerana tsara indrindra izay nananany, tao Hollywood. Hoy izy hoe, "Afaka mitondra an'ireo sarimihetsika aho eto mandra-

pahatongan'ny televiziona, amin'izay fotoana izay dia ho azoko izy ireo." Ary mipetraka eo izy.

218 Ary ireo olon'ny fiangonana, raha tokony hanakatona an'ireo fampisehoana ka tsy hamela ny zanany handeha, dia omeny folo cents izy ireo ny Alahady tolakandro ary mandefa azy ireo any, mba ahafahan'izy ireo hanana fetin-karatra sosialy kely iray, hivoaka irery ary mandehandeha. Oh, henatra iray toy ny inona. Ankehitriny dia mandefa ny televiziona fotsiny izy ireo ka mijery an'ilay loto rehetra, ireo hadalana lò izay misy eto amin'izao tontolo izao, eo amin'izany. Marina izany.

219 Tsy manana na inona na inona manohitra ny sarimihetsika aho. Tsy manana na inona na inona manohitra ny televiziona aho. Ilay izy dia ilay karazan-javatra lò izay eo aminy. Izany ilay izy. Raha nihazona azy ho ara-pitondrantena ianareo, dia ho nijanona ara-pitondratena izy.

220 Tsy afaka mivarotra kiraro tamin'ny fanao fahiny eto amin'ny tanàna ianareo, amin'izao andro izao, mihitsy. Tsy mila azy ireny ireo vehivavy. Mila ny rantsan-tongotra mivoaka avy amin'izy ireny izy ireo. Manao an'izany ny sisa amin'ireo vehivavy. Marina izany.

221 Rehefa mandeha any am-piangonana ianareo, dia tsy afaka mivarotra an'ireo fivavahana tamin'ny andro fahiny, satria, ilay vehivavy hafa, izy dia tsy, tsia, tsy te-hanao na inona na inona amin'izany. Tsia, tompoko. "Tsy misy ilaina ny handehanako any. Mino fotsiny aho, dia izay ihany no misy amin'ilay izy." Oh, rahalahy, ny devoly dia mino, ihany koa. Marina. Hibebaka ianareo raha tsy izany dia ho levona.

222 Ankehitriny, miala tsiny; tsia, tsy izany aho. Tsia, tsy izany aho. Tsia, sintoniko izany. Tiako ny olona. Saingy izaho—izaho—izaho—tiako loatra ny mahita anareo mitsoboka amin'ny loha miondrika tahaka an'izany. Raha sitrapon'Andriamanitra, dia halaiko ity any aoriana kely amin'ny herinandro.

223 Ankehitriny, ho anareo reny izay reny, teny iray fotsiny ho anareo alohan'ny andehanana. Andriamanitra hitahy anareo. Mitaiza tsara ny zanakareo ianareo.

224 Halaintsika ity fanafihana ity; tsy maintsy mbola hiditra ao amin'ireo tokantrano isika, ary toerana maro, ireo sekoly, ary any amin'ireo toerana miaraka amin'izany. Halaintsika izany.

225 Fa, ny fanafihana an'i Etazonia, ny devoly no nifehy azy. Aza matahotra an'i Rosia. Tsy misy idiran'i Rosia izany. Isika ihany no manao an'ilay izy, ny fahalòvantsika manokana eo anivontsika mihitsy. Marina izany.

226 Fantatrareo ve, fa i Etazonia no manana raharaham-pisaraham-panambadiana betsaka noho ny sisa rehetra amin'izao tontolo izao? Fisaraham-panambadiana betsaka; eritrereto izany. Mahatsiravina ve izany? Simba ny maha-reny.

Tsy mijanona ao an-trano miaraka amin'ireo zanany intsony ireo reny, tahaka azy ireo fahiny. Tsy maintsy manana asa iray izy ireo.

227 Teto indray andro, lehilahy iray mpivarotra enta-madinika ato amin'ity tanàna ity, no niresaka tamiko mikasika an'izany. Ireo vehivavy izay miasa ao amin'io orinasam-panjakana io, ireo vehivavy tanora manambady miaraka amin'ny andian'ankizy kely. Manana mpitaiza zazakely izy ireo mikarakara an'ireo zazakeliny. Miasa ao amin'ireo toeram-panjakana ireo izy ireo. Hoy izy, "Nisy roa tamin'izy ireo nitsangana tany, rehefa tratry ny fampitsaharana asa izy ireo, tao amin'ireo asam-panjakany, hoy izy ireo, 'Aza manahy. Hamboarinay izany, na ahoana na ahoana.'"

228 Oh, antomotra toy ny ahoana ny ora iray an'ny fivarotantena tahaka an'izany. Azo antoka. Ny devoly no niteny tamin'izy ireo fa izy ireo no sefo ao an-trano. Hitady ny volany manokana izy ireo. Hanao izay tiany hatao izy ireo. Ary manandrama manala an'izany amin'izy ireo, raha vitanareo.

229 Zavatra tokana ihany no ahafahanareo manala an'izany amin'izy ireo, izany dia ny alitara, eo anatrehan'i Jesosy Kristy, fivavahana amin'ny fanao fahiny, an-dranomaso mikoriana izay hamaky ny fon'izy ireo ary handrovitra azy ireo ho potipotika, ka hanao azy ireo an'izay tokony haha-izy azy ireo. Marina izany.

230 Mety mihevitra izy ireo hoe ntaolo be aho. Saingy amin'ny andro izay hahafatesanareo, ry rahalahiko, ranabaviko, dia ho fantatrareo fa niteny taminareo ny Fahamarinana aho. Marina izany.

231 Manomboka izy, ilay fanafihana, eto ilay ora. Ankehitriny, ankehitriny, eny, oran'ny fanapahan-kevitra iray, ihany koa, oran'ny fanapahan-kevitra iray; tsy hoe mandeha any ampiangonana, fa oran'ny fanapahan-kevitra iray na handeha hanompo an'i Kristy ianareo na hijanona ho matimaty ao amin'ny fiangonanareo. Ary marina izany.

232 Misy betsaka ireo mambram-piangonana. Raha ireo rehetra mam-. . . na ny vahoakan'i Amerika izay milaza ho Kristiana, no ho tena Kristiana, Kristiana nateraka indray, ry rahalahy, dia ho voaaro isika tahaka ny haha-izy anareo any An-danitra, saiky, amin'ireo ady sy olana, eny, tompoko, hiala amin'ny firenena ireo aretina, ny zavatra hafa rehetra.

233 Tsy hahafinaritra ve ny handeha eny an-dàlambe ka mahita vehivavy iray mandalo, sy lehilahy hoe, "Manao ahoana ianao, ranabavy? Manao ahoana, rahalahy"? Manohiza mandeha, tsy misy. . . Tsy manana ahiahy ny amin'izao tontolo izao ianareo. Ny zavatra rehetra dia mahafinaritra sy mahafatifaty fotsiny. Ary tonga eny amin'ny zoron-dàlambe ny lehilahy iray; raha tokony hiezaka hanitsaka anareo, dia hijanona izy, hanao hoe, "Mety tsara, rahalahy. Mety tsara, ianao nanana. . .

Oh, mandehana alohako ianao," hitanareo, mampisafidy fotsiny . . . Tsy hahafinaritra ve izany? [Hoy ny fiangonana hoe, "Amena."—Mpand.] Hanana an'izany isika, saingy ao amin'ny Arivo taona, rahalahy. Ho tonga mihitsy ilay Andro. Marina izany. Noho izany ankehitriny isika dia tsy . . .

234 Nitsangana tao amin'ny toeram-ponenanay aho, teto indray andro; tsy misy na inona na inona manohitra ny toeram-ponenanay, saingy afaka mahamarika an'ireo ankizy kelinay aho. Nitomany ny vadiko. Dokotera iray an'ity tanàna ity, nandeha niaraka tamin'ny zananivavy kely ny zanakovavy kely, ary mifankatia izy ireo; mandra-pahitan'izy ireo fa ny anarany dia Branham, ary zanak'i Rev. Branham izy. Nilamina hatreo izany. Tsy nahazo nandeha niaraka tamin'ny zanakovavy kely intsony ilay zazavavy kely. "Oadray," nieritreritra aho hoe, "eny, eka."

235 Tonga teo ny sasany tamin'ireo mpiara-monina kely, nanao hoe, "Eny, nety tsara daholo izany." Noho izany, nandeha nankany amin'ny pasiterany izy ireo. Aza miteny amiko. Fantatrareo, izaho—manana fomba fahafantarana zavatra betsaka aho, hitanareo. Noho izany izy ireo—nandeha nankany amin'ny pasiterany izy ireo, ka nanao hoe, "Fantatrao, misy lehilahy iray mipetraka ao amin'ny toeram-ponenanay, izay tena tsara fanahy amin'ny zanakay." Hoy izy ireo, "Izany dia Rev. Branham. Alainy izy ireo, entiny ao anatin'ny fiara keliny tranainy, ary avoakany izy ireo."

236 Hoy izy, "Eny," [Mampahazava ny feony Rahalahy Branham—Mpand.] "tsy manana na inona na inona manohitra ny Rev. Branham isika. Mety tsara izy, saingy, hitanareo, kilasin'olona hafa noho isika fotsiny izy." Hia. "Isika, izaho—ho tiako ianareo mba tsy ho . . . fantatrareo, izaho tsy ho karazan'ny . . . Mitenena amin'izy ireo, ary aoka ho mpisakaiza, saingy aoka ho izay ihany no farany."

237 Oh, rahalahy! Nitsangana teo ny vadiko, nitomany. Hoy aho hoe, "Malalan'ny fo, tsipika iray mampisaraka izany. Fa raha izaho sy ny ankohonako, dia hanompo ny Tompo izahay."

238 Na dia mirodana aza izao tontolo rehetra izao; dia mbola Jesosy Kristy foana! Raha tsy maintsy hantsoina hoe fanatika iray aho, raha tsy maintsy hanalavitra ahy ny hava- . . . ny olona sakaizako, sy ireo zavatra tahaka an'izany, dia mbola hisafidy an'i Jesosy Kristy foana aho. Mihazòna eo amin'ny tànan'Andriamanitra tsy miova. Rehefa mahafoy anareo ireo sakaiza eto an-tany, dia mbola mifikira Aminy akaiky kokoa hatrany. Mihazòna Aminy.

239 Andriamanitra, avelao aho hitory teny toy ny hoe tsy mbola nitory mihitsy tany aloha. Avelao aho hitory teny amin'ireo olona eo am-pahafatesana, tahaka ny olona iray eo am-pahafatesana, ny tenako. Avelao aho hitory teny amin'ny olona toy ny hoe

tsy mbola nanana toriteny hafa ho toriana mihitsy. Avelao aho handresy lahatra azy ireo hanatona ny alitara, miaraka amin'ny tarehy ikorianan'ny ranomaso; hiverina any an-trano ka hiaina tahaka ny Kristiana, ary hiaina any amin'ny toeram-ponenany. Ajanòny io sangisangy sy hazakazaka manerana rehetra eto io, sy mitsambikina ary manao hadalana; ary mihetsika tahaka an'*ity*, sy mibontsimbontsina amin'*ity,* ary mandeha tahaka an'*itsy*. Oh, aza manao an'izany. Ny devoly izany. Tonga eo amin'ireo Kristiana ireo fanahin-demony ireo.

240 Tsarovy, ireo mpitoriteny tany ireo, ireo mpaminany ireo izany. Mpaminany izy ireo. Lehilahy mpivavaka manolotra fanatitra izy ireo. Tena mpivavaka tahaka an'ireo mpampianatra amin'izao andro izao izy ireo, saingy, rahalahy, lavitra amin'ny fahafantarana ny fahamarinana izy ireo.

241 Tsy hitanareo ve hoe mpivavaka toy ny ahoana ny devoly? Tsy anti- ny devoly, zavatra goavana be tahaka ny kominisma, manohitra tanteraka ny Kristianisma. Tsy izany ilay izy. Izany dia avy, oh, eny, avy amin'ny devoly, azo antoka, saingy tsy izany no antikristy. Ny antikristy dia tena mpivavaka, tena mpivavaka. Izany dia fanahy mpivavaka iray izay nanohombo an'i Jesosy. Efa tontolo mpivavaka iray foana, vahoaka iray mpivavaka, no manohombo. Ilay vahoaka mpivavaka no nanohitra an'ilay Kristy marina. Ireo mpaminany mpivavaka no nanohitra an'i Mikaia. Ireo vahoaka mpivavak'izao andro izao no manohitra ny Hafatr'Andriamanitra.

242 Tsarovy, efa nampitandrina anareo aho. Efa niteny taminareo aho. Tsy miresaka betsaka mikasika ny Katolisisma aho, sy ny Batista ary ny Metodista; miresaka mikasika an'ireo olona izay olon'ny fahamasinana aho, eo amin'ireto làlana eto ireto mihitsy. Jereo ilay izy amin'izao andro izao, toy ny ahoana no itetezany sy ijoroany ao amin'ny tantara an-tsehatra. Oh, oadray. Niditra tao amin'izany aho, matetika. Ary vaky ao anatiko ny foko.

243 Mitsangana eo miaraka amin'ny banjo tranainy iray, mikapokapoka an'io banjo tranainy io, ary mitendry lokanga tranainy iray tahaka an'izao hoe, "Io ve ilay cowboy avy any Texas *Ranona-sy-ranona*?" Tsy manana na inona na inona manohitra an'ilay lehilahy aho; saingy izany dia an'ilay izao tontolo izao ivelany any. Marina izany. Aleoko mitsangana, rahalahy, tsy miaraka amin'ny zavatra iray akory aza, an'ny tsy, tsy misy na inona na inona mihitsy, fa mitsangana fotsiny ary manangana ny tànako ka manao hoe, "Jesosy, hazòny eo akaikin'ilay hazo fijaliana aho." Eny, tompoko.

> Hitondra hazo fijaliana nohamasinina aho,
> Mandra-panafaky ny fahafatesana ahy,
> Amin'izay fotoana izay dia hody any an-Trano
> hitondra satroboninahitra iray,
> Satria misy satroboninahitra iray ho ahy.

244 Ho anareo reny kely eto izao maraina izao, izay tena reny, ary fantatro fa misy maro aminareo; heveriko, fa ny tsirairay avy aminareo. Mamelà ahy hiteny zavatra iray aminareo. Andriamanitra hitahy anareo. Ianareo no Filazantsara fahadimy, heveriko. Mamelà ahy hiteny aminareo hoe inona ankehitriny ho an'ireo zanakareo, zavatra kely iray. Satria, Rahalahy Neville dia hitory angamba eo amin'ny . . . mikasika ny reny rahariva, na mety ho iza, ny iray aminay izay mitory teny, eny àry, mikasika ny reny. Fa, henoy, mamelà ahy hanontany zavatra iray aminareo.

245 Tsarovy, fony mbola zazalahy kely i Mosesy, dia reny iray no nanome azy ny toro-mariny. Reny masina iray no nandray an'i Mosesy kely teo amin'ny lohaliny, ka nanao hoe, "Ry Mosesy," nampianatra azy ny rehetra. Izy no mpampianatra azy, na, izy no mpampianatra azy, raha ny marina, teo ambanin'i Farao, ka nanao hoe, "Ankehitriny, ireto zavatra ireto," hoy izy, "ry Mosesy, indray andro any dia hanafaka ny zanak'Isiraely ianao. Ianao no ilay zazalahy izay voaantso. Tehirizo ho madio sy tsy misy pentina avy amin'izao tontolo izao ny tenanao, satria ianao no ilay anankiray. Ianao no ilay anankiray."

246 Tsy nisy toerana hafa izay fantatsika, izay mba nandehanany tany amin'ny seminera iray, tsy nisy fampianarana iray mihitsy, hany azony. Nijanona tsara tao an-dapan'i Farao izy, izay mpanompo sampy iray; saingy ny reniny no nampianatra azy. [Mandondòna intelo ny polipitra Rahalahy Branham—Mpand.] Izany no tena reny iray. Nampianatra azy an'ireo fitsipiky ny Tompo izy. Niteny taminy izy hoe ahoana fa tsy maintsy masina izy. Niteny taminy izy hoe ahoana sy inona no tsy maintsy iainany, ary ahoana, inona no tsy maintsy ataon'Andriamanitra, hataony ho azy. Ary niraikitra tamin'i Mosesy izany tamin'ny androm-piainany rehetra.

247 Ary ny reny tsara, marina, mahatoky iray izay hitondra an'ireo zaza keliny, raha tokony handefa azy ireo hankany amin'ny fampisehoana sarimihetsika sy ireo dihy, ary ny sisa tahaka an'izany, dia hametraka azy ireo eo amin'ny lohaliny izy ka hampianatra azy ireo mikasika an'i Jesosy Kristy Tompo.

248 Teto indray andro, niresaka tamin'ny reny iray teo amin'ny telefona aho. Ary hoy ilay reny hoe, "Oh, Ranadahy Billy," hoy izy, "ao anatin'ny olana ny zanakolahy mampalahelo." Hoy izy, "Oh, olana iray toy ny inona no misy azy."

249 Hoy aho hoe, "Eny, fantatro ny mikasika an'ilay izy, ranabavy, malala." Dia hoy izy hoe, "Mety ho diso izy. Tsy fantatro." Hoy izy, "Ny anankiray milaza an'*ity* ary ny anankiray milaza an'*itsy*. Tsy fantatro. Saingy," hoy izy, "tsy mampaninona na diso izy na marina, fa tiako izy." Eo ianareo izao, "Tiako izy."

250 Nilaza tamin'ny reniny izy, nanao hoe, "Tena voafitak'*ity* sy *itsy* aho." Hoy izy, "Neny, mino aho fa saiky ianao no malalan'ny

fo tokana izay ananako marina tokoa; vehivavy iray izay mahatoky ho ahy, ary miraikitra amiko." Izany no fitiavan'ny reny. Izany no tena reny iray izay hametraka ny sandriny manodidina ny zazakeliny. Tsy mampaninona na marina izy na diso, manohy hatrany foana izy. Ary raha Andriamanitra . . . Raha afaka mihevitra an'izany mikasika ny zazakeliny ny reny iray, dia tsy mihoatra noho izany ve no hiheveran'Andriamanitra ny Azy. Hitanareo? Mijanòna tsara miaraka Aminy. Mandehana mahitsy.

251 Ary ankehitriny dia mamelà ahy fotsiny hiteny aminareo reny hafa iray, haingana mihitsy, ao amin'ny Baiboly, alohan'ny hamaranantsika. Nisy reny iray nantsoina hoe Herodiasy. Nampianatra ny zananivavy handihy amin'ny kiraro mipoapoaka izy. Nila azy halaza izy. Ary nandihy teo anatrehan'ilay mpanjaka izy, ka nitaky ny lohan'i Jaona Mpanao-batisa. Manana filazana isika ny amin'ireo fitopolo avy amin'ny taranany, ity ramatoakely izay nandihy teo anatrehan'i (ny zanakavavin'i Herodiasy), nandihy teo anatrehan'i Heroda ity; fitopolo avy amin'ny taranany, na izy ireo maty mpivarotena na teo amin'ny hazo fanantonana.

252 Reny iray no nampianatra ny azy an'ireo zavatr'izao tontolo izao; ilay reny hafa nampianatra ny azy an'ireo zavatr'Andriamanitra. Ny iray lasa mpitarika malaza iray sy mpandresy iray, tsy mety maty eo anivon'ireo lehilahy amin'izao andro izao; ary ilay hafa dia voaroaka ary any amin'ny helo, ka nitondra an'alinaliny niaraka taminy. Hitanareo ve izay tiako lazaina? "Zaro amin'ny làlana tokony halehany ny zaza."

253 Ary miarak'ory aminareo reny mampalahelo mipetraka eto mitondra ny raozy fotsinareo tokoa aho. Misy Lanitra iray izay nahalasanan'ny reny iray, androany, misy reny tsara iray tamin'ny fanao fahiny izay niaina ho an'Andriamanitra, angamba lasa any ankoatry ny lamban'efitra. Miandry anareo ho tonga izy. Marina izany.

254 Manaja sy manome haja anareo mitondra ny raozy menanareo eo aho. Ny reninareo, raha te-hanao zavatra iray ho azy ianareo, dia ataovy izany mandritry ny dimy amby enimpolo sy telonjato andro isan-taona. Mankanesa any an-tranony ka manolora vavaka, ary miainà ho an'Andriamanitra. Izany no zavatra hatao. Ary tezao ireo zanakareo. Ary rehefa tonga ireo zanakareo, dia hiantso anareo izy ireo hoe "sambatra," rehefa lasa any ankoatry ny lamban'efitra ianareo. Izany no tena fanahin'ny maha-reny, ny tena fanahin'ny fetin'ny reny. Ny fetin'ny reny dia dimy amby enimpolo sy telonjato andro isan-taona.

255 Izao dia ilay andro izay ivarotan'izy ireo voninkazo sy anolorany fanomezana, ataon'izao tontolo izao. Raha mitohy izany, raha haharitra roapolo taona iray hafa izao tontolo izao, dia hanana fetin'ny zanakalahy izy ireo, fetin'ny zanakavavy,

ary, fetin'ny zana-drahalahy, sy fetin'i dadatoa, ary ireo zavatra rehetra tahaka an'izany, ampy hampiditra an'izao tontolo izao ao amin'ny famirapiratana ara-barotra fotsiny. Any mihitsy no handehanany, ao amin'ny helo mihitsy, haingana arak'izay azony andehanana, mankany amin'ny fandravàna.

Fa, ianareo, Andriamanitra hitahy anareo, izany no fivavako. Hivavaka isika.

256 Rainay any An-danitra tsara fanahy, raha mijery any aoriana izahay, izao maraina izao, miaraka amin'ny fisainanay, tany aoriana lavitra tany, an-jato taonany maro lasa izay, izay nisy an'i Josafata nitsangana teo akaikin'i Ahaba Mpanjaka. Ary Fanahy kely iray tao ambanin'ny fony tao, mbola avy tamin'Andriamanitra foana, na dia nanao fahadisoana iray aza izy, no niteny taminy, nanao hoe, "Diso io. Diso io. Tsy madio ilay izy. Tsy masina ilay izy. Nilaza ilay mpaminany fa tsy afaka hitohy tahaka an'io ireo zavatra ireo." Ary namoha azy ilay Afo kelin'Andriamanitra.

257 Ary avy eo dia nanana olona iray Ianao mba hamaly an'io Afo kely io, dia i Mikaia, ilay mpaminanin'Andriamanitra marina. Na dia mety tonga teo niakanjo vorodamba aza izy, na dia mety tonga teo nohamavoina aza izy, ary izy rehetra ireo dia nijery azy toy ny andian'amboadia mijery zanak'ondry iray. Saingy niteny ny fahamarinana izy, na dia tsy maintsy voafelaka teo amin'ny tarehy aza, na dia tsy maintsy natsipy tao an-tranomaizina aza izy ary nofahanana mofo sy ranompahoriana. Fa, kanefa, ireo teny izay nolazainy dia niseho, satria nomba azy Ianao.

258 Andriamanitra, ekeo, androany, ary mijery ato amin'ity Baiboly ity izahay. Mijery an'ireo bokim-piangonana izahay, ireo bokin'ny didy folo, sy ny sisa, an'ireo fiangonana, ireo fombam-pivavahana, ka mahita hoe ahoana no anaovan'izy ireo an'*ity, itsy,* ary ny *hafa.* Fa avelao izahay hijery ao anatin'ity Teny marina eto ity, ka hahita an'izay Lazainy hoe: "Raha tsy misy fahamasinana, dia tsy hisy olona hahita ny Tompo. Araho ny fiadanana sy ny fahamasinana, fa, raha tsy izany, dia tsy hisy olona hahita ny Tompo. Izay tia an'izao tontolo izao, na ireo zavatr'izao tontolo izao, dia tsy ao aminy ny fitiavana an'Andriamanitra."

259 "Amin'ny andro farany dia hisy andro mahory. Ho tia ny tenany manokana ny olona, mirehareha, mpihambohambo." Oh, ireo zavatra lehibe ireo, Tompo, izay mitranga. "Kiriana, mpieboebo, tia fahafinaretana noho ny fitiavana an'Andriamanitra; mampianatra ny olona an'ireo fitsipiky ny—ny olona raha tokony ho ny didin'Andriamanitra; manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa mandà ny herin'ny Fanahy Masina" mba hanao olona iray ho feno ny Fanahy, hanao azy hifaly, hanao an'ireo ranomaso hikoriana avy eo amin'ny masony, hanao azy handeha ka hivavaka ho

an'ny marary, hanao azy hiteny amin'ny fiteny tsy fantatra sy handika, hanao azy haminany. Ny Fanahin'Andriamanitra, ilay Andriamanitra velona, nesorin'izy ireo fotsiny Izany nankao amin'ny trano fialofana iray na zavatra tahaka an'izany, "Manana ny endriky ny toe-panahy araka an'Andriamanitra, nefa mandà ny heriny."

260 O Andriamanitra, enga anie ity mpanatrika kely ity, amin'ity andro ity, hifoha haingana, izao ankehitriny izao, alohan'ny ahatongavan'ny andro farany, ka hahatratra anay ao amin'izao toerana izao. Enga anie izahay ho, hanavao ny tenanay, araka ny nolazain'ny Baiboly hoe, "Mitsangàna ka hetseho ny tenanareo. Ka anontanio ilay làlana fahiny, izay làlana tsara, ka rehefa hitanareo izany, dia mandehana ao amin'izany." Andriamanitra, ekeo mba ahafahanay mahita an'ilay làlana mafy, rehefa afaka mitsangana miaraka indray izahay, anjatony, ary mampifandray ny tànanay miaraka ka mihira.

> Haka ny làlana miaraka amin'ilay vitsin'ny Tompo
> nohamavoina aho.
> Nanomboka niaraka tamin'i Jesosy aho ary
> handeha hatramin'ny farany.

Andriamanitra, ampio izahay mba hiaina an'izany ary ho izany.

261 Tahio ireto reny malala rehetra izay mipetraka eto ireto, Tompo; eo am-pahafantarana fa reny izy ireo, ny tenany, miaraka amin'ireo raozy fotsy mipaingotra eo amin'ny palitaony, izao maraina izao, ho fahatsiarovana reny antitra malala iray izay lasa any ankoatry ny sehatra. O ry Tompon'ny Fiainana, tahio izy ireo, Tompo. Ary enga anie izy ireo ho sambatra, ihany koa, ary enga anie ny fahatsiarovan'ireo zanany hitovy amin'ny an'ireo reniny, raha lasa any ankoatry ny lamban'efitra izy, nankany amin'ny Lanitra iray be voninahitra. Ekeo izany, Tompo.

262 Ary amin'ny maraina iray rehefa miala amin'ireo làlandrànay ny aina, ka tsy afaka ho tonga aminay ny fofon'ainay, dia hisokatra indray ilay lamban'efitra; hidina izy, angamba, eo amin'ny tendron'i Jordana, mba hanampy anay hiampita. Oh, ho an'io andro be voninahitra io rehefa mametraka ny tongotray any izahay, izay tsy hisy . . . Tsy ho voaloton'ny setroka sigara ny rivotra. Tsy hisy mamolava iray intsony eny andàlambe. Tsy hisy mpivarotena iray intsony. Tsy hisy fahotana intsony. Tsy hisy na inona na inona tahaka an'izany intsony. Fa, ao amin'ilay mandrakizay be voninahitra, no hiainanay am-piadanana miaraka amin'i Jesosy Kristy Tomponay sy ireo zanakay. Ary, oh, andro mahafinaritra iray toy ny inona.

263 O Ray, raha mbola miseho ilay aizina lehibe, ilay ady, ka manafika an'ireo firenena ny devoly, sy manafika an'ireo polipitra, manafika an'ireo fiangonana, manafika an'ireo olona,

manafika an'ireo fandraharahana, manafika an'ireo tanàna, sy ireo sekoly ary ireo tokantrano; O Andriamanitra, ampio izahay hitsangana, hamoaka ny sabatra haingana mihitsy ka hiady ho an'Andriamanitra, tahaka ny nataon'i Mosesy sy—sy ireo Levita tany rehefa tao amin'ny toby ny fahotana. Ampio izahay, Tompo.

264 Mamelà anay ankehitriny, ka tahio izahay. Ary tehirizo hanetry tena izahay, poteho izahay, Tompo. O Andriamanitra, hoy Ianao hoe, "Izay mivoaka, mamafy an-dranomaso, dia hiverina tsy misy fisalasalana indray, hifaly, mitondra amboara miaraka aminy." O Andriamanitra, poteho ho potipotika izahay. Lasiro izahay, indray, Tompo. Manalavitra be loatra an'ilay làlana izahay.

265 Izaho dia, ny tenako, Tompo, tonga eo amin'ny toerana iray aho izay eritreretako mikasika ny hoe firy no hanatrika ny fivoriako. O Andriamanitra, Ianao no tiako hanatrika. Avia, Tompo! O Kristy, avia Tompo! Poteho aho; lasiro indray aho. O Tompo, aza, mamela ahy mihitsy hanana an'ireo zavatra ireo ao an-tsaiko. Andriamanitra, esory amiko izy ireo.

266 Ampio aho, Tompo, mba hitory teny, araka ny nolazaiko, vao teo, tahaka ny lehilahy iray eo am-pahafatesana amin'ny olona eo am-pahafatesana, eo am-pahafantarana fa tsy maintsy hiatrika ny Mandrakizay izahay rehetra. Tsy maintsy hitsangana eo Anatrehanao izahay; rehefa tsy eo amin'ny Fanaonao mahafaly Ianao, rehefa tsy manana famindrampo Ianao, rehefa mitsangana tsy misy famindrampo Ianao; rehefa mitsangana Ianao, tezitra, mba hitondra fitsarana eo amin'ireo firenena sy ireo olona izay nandà sy nanao tsinontsinona ny fitiavan'Ny Zanakao.

267 Andriamanitra, omeo famindrampo miaraka Aminy aho androany, mba ahafahako mitsangana manana antoka amin'io Andro io. Mety tsy maintsy hitomany ankehitriny, saingy Ianao no hamafa an'izany, ho fifaliana, amin'izany fotoana izany, rehefa hoy Ianao hoe, "Midira amin'ny fifalian'ny Tompo, izay efa nomanina ho anao hatramin'ny fanorenana an'izao tontolo izao." Andriamanitra, mombà anay ankehitriny, ka ampio izahay, mivavaka izahay, amin'ny Anaran'i Jesosy. Amena.

*Ny Fanafihana An'i Etazonia* MAG54-0509

(The Invasion Of The United States)

Ity Hafatr'i Rahalahy William Marrion Branham ity, izay notoriana tamin'ny Teny Anglisy tamin'ny Fetin'ny Reny, ny Alahady maraina, 9 May, 1954, tao amin'ny Branham Tabernacle ao Jeffersonville, Indiana, U.S.A., dia nalaina avy tamin'ny horonam-peo ary natonta manontolo amin'ny Teny Anglisy. Ity fandikana amin'ny Teny Malagasy ity dia natonta sy nozarain'ny Voice Of God Recordings.

MALAGASY

©2020 VGR, ALL RIGHTS RESERVED

Voice Of God Recordings
P.O. Box 950, Jeffersonville, Indiana 47131 U.S.A.
www.branham.org

## Filazana fahefan'ny tompon'ny boky

Tsy azo adika. Ity boky ity dia azo atao printy amin'ny fanaovam-printy ao an-trano ho an'ny fampiasana manokana na ho zaraina, tsy misy sarany, ho fitaovana iray hanaparitahana ny Filazantsaran'i Jesosy Kristy. Ity boky ity dia tsy azo amidy, na adika indray amin'ny refy lehibe, na alefa amin'ny siteweb iray, na tehirizina amin'ny fomba nisy nanesorana, na adika amin'ny fiteny hafa, na ampiasaina ho fangataham-bola raha tsy misy alàlana voasoratra mazava avy amin'ny Voice Of God Recordings®.

Ho an'ny fanazavana fanampiny na ho an'ny fitaovana hafa efa azo raisina, dia iangaviana hifandray amin'ny:

VOICE OF GOD RECORDINGS
P.O. BOX 950, JEFFERSONVILLE, INDIANA 47131 U.S.A.
www.branham.org